

RY MPIAMBINA, TOY INONA ALINA MOA IZAO?



[Mamaky ny Isaia 21:1-12 Rahalahy Gene Goad—Mpand.]

Ny loza hanjo ny tany efitra amin'ny ranomasina. Tahaka ny firimorimon'ny tadio any atsimo; dia toy izany koa ny fihaviny avy any an-tany efitra, avy amin'ny tany mahatahotra.

Naseho tamiko ny fahitana mampahory iray; ny mpamitaka mamitaka, ary ny mpandringana mandringana. Miakara, O ry Elama: manaova fahirano, O ry Media; hatsahatro ny fisentoana rehetra.

Noho izany dia feno fanaintainana ny valahako: fijalijaliana no nahazo ahy, tahaka ny fijalijalian'ny vehivavy izay mihetsi-jaza: Niondrika aho tamin'ny fandrenesana an'izany; raiki-tahotra aho nahita an'izany.

Niemponempona ny foko, nampahatahotra ahy ny horohoro: ny harivan'ny fahafinaretako nampodiany ho fangovitako.

Velaro ny latabatra, miambena eny amin'ny tilikambo, mihinàna, misotroa: mitsangàna, ianareo lehibe, ka hosory ny ampinga.

Fa izao no nolazain'ny Tompo tamiko, Mandehana, mametraha mpiambina iray, aoka izy hanambara izay hitany.

Dia nahita kalesy iray niaraka tamin'ny mpitaingin-tsoavaly roa izy, ary kalesim-boriky, sy kalesin-drameva; ary nihaino fatratra tamin'ny fitandremana be izy:

Dia niantsoantso izy, Ny liona hoe: Tompoko, mitsangana tsy ankitsahatra eto amin'ny tilikambo aho amin'ny antoandro, ary mitoetra eo amin'ny fiambenako aho ny alina manontolo:

Ary, indro, tonga ny kalesin'olona, miaraka amin'ny mpitaingin-tsoavaly roa. Dia namaly izy ka nanao hoe, Rava i Babylona, rava; ary ny sarisokitry ny andriamaniny rehetra torotoro amin'ny tany.

O ry mpiveliko, sy ny katsaka an'ny famoloako: izay efa reko tamin'ny TOMPON'ny maro, ny Andriamanitry ny Isiraely, no nambarako taminareo.

Ny loza hanjo an'i Doma. Miantso ahy avy any Seira izy hoe, Ry mpiambina, toy inona alina moa izao? Ry mpiambina, toy inona alina moa izao?

Hoy ny mpiambina hoe, Avy ny maraina, sy ny alina koa: raha mbola te-hanontany ianareo, dia manontania: miverena, avia.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

² Misaotra anao, Rahalahy Neville. Tsara ny mahita anao indray.

³ Manao ahoana, ho an'ny kilasy Biblikansika izao maraina izao, satria tianay ny miarahaba anareo amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Ary raha namily fiara teny an-dàlana aho fotoana vitsy lasa fotsiny izay, niaraka tamin'ny fianakaviako, dia nieritreritra ny olona izay nivoaka hankaty am-piangonana amin'ny andro malama tahaka an'izao aho, nefa manerana ny faritra rehetra ny oram-panala, mampidi-doza eny an-dàlana. Tsy tonga mba ho hita fotsiny izy ireo. Manana tanjona iray izy ireo eo am-pahatongavana. Ary tena faly aho mahita an'ity vondrona eto ity izao maraina izao, izany, mbola, “ny Finoan'ireo razanay, mbola velona foana,” no mirehitra ao ampon'ny lehilahy sy vehivavy hatraiza hatraiza.

⁴ Vao avy novakian'ny Rahalahintsika Gene Goad ny Teny, avy tamin'ny toko faha-21-n'ny Bokin'ny Isaia, izay hianarantsika, vetivety, ary avy eo dia hanana vavaka ho an'ny marary isika. Ary ankehitriny ho an'ny lahateny iray, izao maraina izao, dia tiako ny haka avy ao, ny andininy faha-11 hatramin'ny faha-12 hoe: *Ry Mpiambina, Toy Inona Alina Moa Izao?*

⁵ Ary alohan'ny hitenenantsika, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ao amin'ny vavaka.

⁶ Tompo Andriamanitra, Ianao no Andriamanitr'ireo razanay. Ianao no Andriamanitra Izay nitsoka ny fofon'aina voalohany izay hany tonga teto an-tany, ary nanana ny fifehezana ny fiainana tsirairay hatramin'ity fotoana ankehitriny ity, ary hanana ny fifehezana mandrakizay. Satria Ianao no Mpamorona ny olombelona rehetra, sy ny zavatra rehetra izay miaina. Ianao no Mpamorona.

⁷ Ary faly izahay, izao maraina izao, ny mino amin'ny fonay fa marina ireo Fampanantenanao, ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ary ao anatin'ireo teny fikasana ireo, dia Ianao no nilaza fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'Ny Anaranao, dia ho eo afovoan'ny Olona Ianao, ary dia hamaly ny antson'izy ireo Ianao.

⁸ Ary misy fo mavesatra androany. Satria hatramin'ny nidirana ny fiangonana, dia hitako ireo eo amin'ny fitondramarary sy fandrianan'ny marary. Ary ny sasany amin'izy ireo miaraka amin'ny tanan'akanjo miakatra, nohon'ny aretina—

aretina eo amin'ny sandrin'izy ireo. Ary ireo hafa, dia reko, fa nahavery malala. Ary, oh, tontolo iray mpanota sy ratsy fanahy ity! Fa, kanefa, ireo zavatra ireo dia tsy maintsy voafehy ao amin'ny Tompo Jesosy, Izay niteny taminay, hoe, “Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia an'Andriamanitra.”

⁹ Ary mionona izahay izao maraina izao, mba hino fa ny maro amin'ireo zavatra ireo dia ny hitondrana anay ho eo amin'ny lohalikay. Ary tianay ny mieritreritra ny Soratra, hoe, “Ireo miandry ny Tompo dia hanavao ny heriny. Hiakatra amin'ny elatra tahaka ny voromahery izy ireo. Hihazakazaka izy ireo fa tsy ho sasatra. Handeha izy ireo fa tsy ho reraka.” Ary araka ny nolazain'ilay poety hoe, “Ampianaro aho, Tompo. Ampianaro aho, Tompo, hoe ahoana no iandrasana.”

¹⁰ Mamelà anay, androany, raha miandry mba handre avy amin'ny Voninahitra izahay, ary avy amin'ny vavan'ny Mpamonjinay, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mba hiandrasanay am-paharetana handre Ny Feony miresaka zavatra be fitiavana aminay, amin'ny alàlan'Ny Teniny, ary miresaka famelàna ho an'ny fahotanay, sy fanasitranana ho an'ny aretinay.

¹¹ Ary enga anie izahay hiala amin'ity tabernakla ity izao maraina izao, hifaly, ka hilaza tahaka an'ireo izay avy tany Emaosy hoe, “Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?” Fa mino marina tokoa izahay fa Izy no Tompo nitsangana, tahaka ny nahitan'izy ireo Azy tamin'izany andro izany. Ary eo afovoan'ny olona Izy. Tsy ho sasatra izahay, tsy ho reraka ny fonay. Mamelà anay fotsiny hanavao ny finoanay, isan'ora, ao Aminao. Ekeo izany, Ray.

¹² Mangataka Aminao izahay mba hitahy ny Teny voasoratra. Ary hitahy ny sofina izay handre, ary ireo molotra izay hiteny; ka raiso ho an'ny Tenanao ny Voninahitra. Fa amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

¹³ Tsy misy amintsika izay afaka amin'ny fahoriana. Tsy nampanantena antsika Andriamanitra fa hiala tsiny amintsika nohon'ny aretina. Fa izao no voasoratra, hoe, “Ampy ny Heriny, ary tsy hametraka betsaka eo amintsika Izy fa hanome fahasoavana antsika Izy mba hahazaka an'izany.” Noho izany dia manana an'izany fampiononana izany isika mba hahafantatra.

¹⁴ Ny amin'ny fieritreretana an'ilay lahateny vao teo, mandritry ny fotoana fohy, ny amin'ny zavatra iray izay toa napetraka tao am-poko nandritry ny ora vitsy farany: *Ry Mpiambina, Toy Inona Alina Moa Izao?*

¹⁵ Izany angamba dia saiky, teo anelanelan'ny filentehan'ny masoandro sy ny aizina. Ary ho andro mahatsiravina iray izany

tao amin'ny tanàna, satria nisy fanairana nomena, hoe izy ireo, ilay mpiambina teo amin'ny tilikambo, dia nandefa teny hoe hitany avy lavitra ny vovoka niakatra avy tamin'ireo kodiaran'ny kalesy. Ary nandre ny fikatrokatrokin'ny kitron-tsoavaly izy, avy lavitra be.

¹⁶ Saingy satria nitsangana teo amin'ny fantsakana ireo ramatoa tanora anankiroa, ary tao amin'ny tanorany, taonan'ny fahatanorany, dia nanana zavatra betsaka kokoa ho saintsainina izy ireo, nihevitra izy ireo, noho ny tenin'io mpiambina io. Tsy nidika betsaka tamin'izy ireo angamba ilay izy, satria tao amin'ny fivelaran'ny maha-vehivavy tanora mihitsy izy ireo. Ilay izy angamba dia satria hisy fety iray tamin'io hariva io, ka te-hanatrika an'io fety io ireto ramatoa tanora ireto. Ary ilay izy dia toy ny hoe ny fampitandreman'ilay mpiambina dia tsy hisy fiantraikany teo amin'izay nisaintsainan'izy ireo ny fahafinaretany arak'izao tontolo izao tamin'io hariva io. Noho izany dia satria nitohy ny resaka, ary—ary nilaza tamin'ny iray hafa ny ramatoa tanora anankiray hoe, “Tsy mampalahelo loatra ve, fa, amin'ny androntsika, dia manana mpamonofifaliana tahaka an'izany isika, olona iray izay hiezaka ny—ny hanala amintsika an'ireo tombontsoa izay ananantsika, sy ireo fahafinaretana izay azontsika ankasitrahana?”

¹⁷ Ary mino aho fa hifanaraka tsara amin'ilay firehana moderina an'izao andro izao izany, hoe ny olona dia miezaka ny hihevitra fa rehefa miezaka ny ho malina ianareo ka mampitandrina azy ireo ny amin'ireo loza manatona, dia toa mihevitra izy ireo fa antitra iray adala fotsiny ianareo, olona iray izay miezaka hanala ny fifaliana rehetra amin'ny fiainana.

¹⁸ Ary hieritreritra an'ireo lehilahy tanora indray isika, raha tonga avy any am-piasana izy ireo, ka ny tarehiny maloto nohon'ny asa izay nampiasana azy ireo nandritry ny andro. Ary mety milaza amin'ilay hafa ny lehilahy tanora anankiray hoe, “Vantany vao afaka misasa sy mivonona isika, kely fotsiny, nahoana, dia hihaona any amin'ilay trano fisotroana isika, araka ny mahazatra. Satria azoko antoka fa ianao, ry John, dia tsy voaelingelina tanteraka mikasika an'ilay hafatra izay rentsika androany, io mpiambina eo amin'ny tilikambo io, miezaka manala ny fifaliana rehetra amin'ny fiainana, miezaka miteny amintsika fa nisy loza iray manatona. Nefa, fantatsika, fa isika no manana ny tafika tsara indrindra izay misy. Ary maro amin'ireo miaramilantsika no... mihaona isankariva ao amin'io toerana iray ihany izay ihaonantsika io, ary mankasitraka fiaraha-miombona isika, toy ny—ny filokampisakaizana kely iray, sy fisotroana vitsivitsy. Ary izaho, raha ny amiko,” hoy izy, “dia mandà fotsiny ny ho taitra mikasika ny iray amin'io karazan-javatra izay resahan'io mpiambina io. Satria isika dia mino fa raha misy loza manatona, dia azo antoka fa ireo—ireo rabintsika dia hahafantatra mikasika an'izany, ireo

pasiterantsika, ka izy ireo no hiteny amintsika mikasika an'ireo zavatra tahaka an'izany. Ary tsy ahoantsika mihitsy ny handre an'ireo tantara mandreraka an'ireo mpiambina eny amin'ny tilikambo ireo.”

¹⁹ Ary raha tsy izany no sary malazan'ny firenentsika amin'izao andro izao, hoe ny tanoran'ny firenentsika, ary tsy ny tanora fotsiny ihany, fa ireo antitra an'ny firenentsika, dia lasa adala fotsiny. Ary mandà ny hihaino an'ireo fampitandremana izy ireo. Ary vantany vao manome an'ilay fampitandremana ny mpiambina marina iray, dia kilasiana ho mpivadi-pinoana iray izy, na fanatika iray.

²⁰ Ary raha mandroso ho alina ny andro, angamba miaramila iray eo amin'ny vavahady, izay miambina an'ireo vavahady, no lasa tsy tafandry mandry kely. Ary mandeha izy mankeo amin'ny . . .santinely akaikiny, ka manao hoe, “Mino ve ianao fa mety misy anjara iray hoe marina ny an'io mpiambina io?”

²¹ Fantatrareo, misy zavatra mikasika ny loza, misy zavatra mikasika ny fahafatesana, izay toy ny hoe manana fampitandremana mialoha iray an'izany. Matetika ireo malala alohan'ny hiampitan'izy ireo mankany amin'ilay ilany hafa, dia toa misy fampitandremana iray tonga amin'izy ireo.

²² Afaka mieritreritra ny raiko aho, talohan'ny nahalasanany. Efa niala tao Kentucky nandritry ny taona maro izy. Fa, tampoka teo, dia toa nisy zavatra nanetsika an'i dada, mba hidina hankany amin'ilay tranom-pianakaviana tranainy ka hiresaka amin'ireo malalany sy ireo sakaizany.

²³ Taorian'ny niverenany nody, ny rahalahiny, izay tsy nety hitany, dia nampitandremana hafahafa mba ho tonga any Jeffersonville hahita azy. Ary raha mbola nipetraka izy ireo, niresaka, dia lasa nankany amin'ilay tontolo hafa i dada.

²⁴ Mieritreritra ny rafozako aho. Andro vitsy fotsiny talohan'ny nahalasanany, dia hoy izy hoe, “Billy, ndao izaho sy ianao handeha hihaza vontsira, any ambonin'i Utica. Te-handeha ho any amin'ilay toerana fahiny fotsiny aho.” Na manao ahoana na manao ahoana, araka ny sitrapon'Andriamanitra, dia tsy afaka nandeha niaraka tamin'ny aho tamin'io andro io. Ary nandeha niakatra izy tamin'io andro io ary nihaza, ka rehefa niverina izy nitaingina fiara fitaterana, izy—niteny tamiko izy, hoy izy hoe, “Nipetraka teny ambonin'ny havoana aho. Niova ny rehetra ankehitriny. Fa tao amin'ny zorony anankiray tao anaty ala, tany Battle Creek, teo amboninay mihitsy,” hoy izy, “dia toy ny nandre ny reniko aho niantso hoe, ‘Oh, Frankie!’” Nanome fijoroana vavolombelona iray izy tamin'io hariva io, teo amin'ny laharana faharoa an'ity fiangonana ity, teo ankaviako, naniry an'ireo vavaky ny olona ho azy. Ary andro vitsy taty aoriana, dia nandevina azy izahay.

²⁵ Ilay izy fotsiny dia toy ny hoe mandefa iraka foana Andriamanitra. Izany no Hatsaram-panahiny sy ny Fahasoavany, mba hanome an'ilay mahatoky ao am-po fampitandremana iray ny amin'ireo zavatra izay manatona.

²⁶ Ary tena faly aho fa ao amin'ity andro izay iainantsika ankehitriny ity, izay, misy maizina sy aizina eo amin'ny lafiny rehetra, dia toa misy fanantenana voatahy iray mamikitra ny fon'ny vahoakan'Andriamanitra, hoe ho avy Jesosy amin'ny ora be voninahitra iray.

²⁷ Ary ao amin'ity fotoana lehibe an'ny korontana ity, ao amin'ity tanàna ity, dia tsy miraharaha an'izany ireo olona tanora, ary olona maro izay tsy miraharaha mikasika an'izay ho lazain'ilay mpiambina. Mazava ho azy, tao anatin'ny trano fisotroana izy ireo, nisotro, ary nitohy ilay fety. Ary nisotro daholo ireo miaramila. Ary nanana fotoana lehibe izy ireo, nihevitra fa voaro fotsiny arak'izay mety haha-izy azy ireo. "Tsy nisy na inona na inona handratra azy ireo," satria tampina fotsiny izy ireo, araka ny hiantsoantsika azy, tamin'ny toaka maherin'ny whisky ary fisotro nifangaro.

²⁸ Ary tampoka teo, dia indro tonga ireo kalesy nikodiadia nankao an-tanàna mihitsy. Dia potika ireo varavaran'ny trano fisotroana, sy ireo trano, ary niasa ireo fiadiana mamono, satria nandà fotsiny ny hihaino ny fampitandreman'ilay mpiambina izy ireo.

²⁹ Ary ireo andraikitry ny mpiambina iray, ao amin'ny Baiboly fahiny, dia lehilahy iray izay voafantina. Tsy maintsy lehilahy iray izay malina amin'ireo vatan'ny lanitra izy. Tsy maintsy fantany marina tokoa hoe aiza no mihantona ireo kintana, mba hitenenana an'ilay fotoana tanteraka amin'ny olona. Maro tamin'ireo sasatra, no nivoaka, angamba, ka tsy afaka natory, tsy tafandry mandry, ary niantsoantso an'ilay mpiambina teo amin'ny tilikambo, ka niantsoantso an'ireto teny ireto hoe, "Ry mpiambina, toy inona alina moa izao?"

³⁰ Dia nijery ny kintana izy, ary avy eo dia nanao hoe, "Izao dia amin'izao-sy-izao ora."

³¹ Avy eo dia niverina nankenany amin'ny fandriany izy ireo, na taiza na taiza no nofidian'izy ireo hitoerana, niandry ny andro ho tonga, rehefa ho tapitra ilay alina nandreraka, nahasasatra, tsy nahatafandry mandry.

³² Hamindra fo anie Andriamanitra! Manontany aho raha tsy izany ilay fotoana, amin'izao andro izao, izay tsy niantsoantsika ny Mpiambintsika lehibe hoe, "Toy inona alina moa izao?" Misy loza manatona iray tonga, ary toa mihozongozona eo ambanin'ny fitaoman'izany izao tontolo rehetra izao.

³³ Tsy maintsy ho eo amin'ny andraikiny koa ilay mpiambina, isan'andro. Tsy maintsy nampitandrina ny olona mikasika an'ireo loza manatona izy. Izany no andraikiny, manara-maso

an'ilay loza manatona. Ary teo ambonin'ny tilikambo iray izay voorina avo kokoa noho ireo rindrina izy. Ary io tilikambo io, teo ambony teo izy, tao anatin'izany, ireo boky momba ny kintana, sy ny sisa, mba ahafahany mandinika an'ireo kintana sy miteny ny fotoana. Ny zavatra rehetra manatona, an'ny fotoan'ny andro, dia afaka niteny an'izany izy.

³⁴ Noho izany, izy koa dia afaka mahita lavitra kokoa noho ny anankiray eo amin'ny tany. Afaka mahita lavitra kokoa noho ny anankiray eo amin'ny rindrina izy, satria ambony kokoa izy. Ary arakaraky ny andehananareo ambony kokoa, no ahafahanareo mahita lavitra kokoa. Ary afaka miteny an'ireo loza manatona ianareo, lavitra be noho ireo izay eo amin'ny tany.

³⁵ Ary araka ny notenenin'i Isaia, tamin'ny androny, hoe nanao azy ho mpiambina iray Andriamanitra. Nampitovy an'ireo Mpaminaniny tahaka ny voromahery Andriamanitra.

³⁶ Ary araka ny nitoriako mazàna teo amin'ny lohahevitra ny amin'ny voromahery, ny voromahery dia vorona iray izay afaka mandeha avo kokoa noho ny vorona hafa rehetra. Ary tsy maintsy voamboatra manokana izy ho an'io haavo izay idirany io. Ankehitriny, tsy afaka hanaraka azy mihitsy ny papango. Tsy misy vorona hafa afaka manaraka azy. Vorona novolavolain'Andriamanitra izy, ary tahaka an'izany no nanaovana azy. Raha nanandrana naka ny toerany ny vorona iray hafa, dia ho levona izy. Tsy maintsy manana volo matanjaka izy, elatra matanjaka. Ary inona no soa handehanany avo raha tsy afaka hahita izy, manana maso tsara mba hahita? Ho jamba ilay papango eny ambony eny; tsy afaka mahita izy. Fa arakaraky ny ihanihan'ny voromahery avo kokoa, no ahafahany mahita lavitra kokoa.

³⁷ Ary nampitovy an'ireo Mpaminaniny tamin'ny voromahery Andriamanitra. Mpiambina izay mihanika avo kokoa izy ireo, mba ahafahany mahita lavitra kokoa. Ary natao ara-panahy ny mason'izy ireo mba ahafahany mahita an'ireo loza manatona.

³⁸ Ary nametraka an'i Isaia Andriamanitra mba hampitandrina ny olona fa nisy loza nanatona, fa tsy nihaino azy izy ireo.

³⁹ Ary, androany, dia mbola manana voromahery foana Andriamanitra, na iraka, na lehilahy eo amin'ny tilikambo, izay mihanika ao amin'ny Fanahy, any ankoatra lavitr'ireo mekanisma, sy ireo baomba atomika rehetra, ary fikarohana siantifika. Manana lehilahy izay novolavolaina manokana ho an'izany tanjona izany Izy, izay mihanika an'ireo mandan'i Kalvary, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ka mitsangana eo an-tampon'ny hazo fijaliana, ary afaka mampita ny Hafatra hoe, "HOY NY TOMPO HOE." Ny fahitan'izy ireo ara-panahy dia lehibe lavitra noho ireo mpisorona ao antempoly; any ankoatra lavitry ny olona tsotra an'ny làlam-

piainana; satria novolavolaina manokana ho an'ireo andraikitra izay niantsoan'Andriamanitra azy izy ireo. Noho izany, tsara amintsika ny mitandrana rehefa mandre an'ireo zavatra izay manatona isika.

⁴⁰ Noho izany dia hiova vetivety fotsiny aho ankehitriny. Ary hamadika ny fifantohanareo mankany amin'ilay Mpanjakan'ireo voromahery ireo, na ireo mpaminany, na ireo mpiambina tilikambo. Izany dia ny Tompo Jesosy, Izy tenany. Ary ity andro izay iainantsika ity dia tena lehibe kokoa noho ny andro izay naha-teto Azy, hany ka, rehefa tao amin'ireo aloky ny hazo fijaliana mihitsy Izy, dia niresaka betsaka kokoa ny amin'ny Fihaviany Faharoa noho ny Niresahany ny amin'ny Fahalasanany Izy. Raha hikaoka tsara mihitsy ny Soratra ianareo, dia hahita fa talohan'ny Fahalasanany mihitsy, dia naminany an'ireo zavatra izay hiseho amin'izao andro izao Izy.

⁴¹ Fantany fa tsy maintsy hohomboana Izy. Fantany fa tsy maintsy miaritra Izy ilay—ilay tsy manan-tsiny ho an'ilay meloka. Fantany fa hitsangana avy ao am-pasana indray Izy, amin'ny andro fahatelo. Fantany fa tsy nisy hery izay afaka nihazona Azy tao am-pasana, satria ny Tenin'Andriamanitra dia efa nilaza hoe, "Tsy hamela ny Iray Masiko hahita ny lô Aho, na hamela ny Ainy ao amin'ny helo Aho." Ary tsy nisy hery izay afaka nanimba an'izany faminiana izany. Ho marina Ny Teniny, ary ho tanteraka amin'ny Vanim-potoany Izy ireo. Ary natoky Izy fa, izay nolazain'ny Ray, dia hain'ny Ray ny mihazona Ny Teniny.

⁴² Noho izany, ny Fony lehibe izay tao Aminy, izay Seza fiandrianan'Andriamanitra, tao am-Pony dia Fantany fa ho tonga hizaha toetra ny firenena rehetra ireo fotoan'ny fitsapana lehibe ireo, ary hizaha toetra ny olona rehetra. Koa, noho izany, dia Fantany fa nipetraka ilay fanontaniana lehibe, tsy hoe raha hitsangana indray Izy, na raha ho voahombo araka ny Soratra Izy, na tsy hoe raha hiakatra any amin'ny Avo Izy, ary ho tonga ny Fanahy Masina. Fa ilay fanontaniana dia hoe, "Hisy finoana tavela ve eto ambonin'ny tany amin'Ny Fihaviany?" Ary aiza no ihavian'ny finoana? "Amin'ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Izany no Fanontaniany. "Hisy finoana ve eto ambonin'ny tany rehefa tonga Aho?" Hahita olona izay hino Ny Teniny ve Izy?

⁴³ Ankehitriny rehefa isika, amin'ny andro izay iainantsika, dia afaka mamadika an'ireo pejin'Ny Teniny voatahy, ka mahita an'ireo tena zavatra izay Nolazainy fa hiseho mihitsy, manatona eto ambonin'ny tany amin'izao andro izao, miseho ireo famantarana sy fahagagana: "Raiki-tahotra ny fon'ny olona." Misy ny "fotoan'ny fahaverezan-kevitra sy fahoriana eo amin'ireo firenena. Fahitana mahatahotra eny amin'ny lanitra," tahaka an'ireo zava-boribory manidina, ka mikorontana tanteraka ny Pentagone. "Ary mieronana ny ranomasina, ary

horohoron-tany any amin'ny toerana samihafa. Ketraka ny fon'ny olona, amin'ny tahotra.” Mipetraka ireo fiadiana atomika lehibe, miandry. Aizina no mihantona eo ambonin'ny tany, izay tsy mbola hitan'izao tontolo izao mihitsy tany aloha.

⁴⁴ Tamin'ny herinandro lasa aho dia nanana tombontsoa niresaka tamin'ny anankiray amin'ireo sakaizako sy rahalahiko malala, Kapiteny Julius Stadskev, izay nanoratra an'ilay boky hoe, *Mpaminany Mamangy An'I Afrika*. Ary tany California Rahalahy Julius, fa manaraka ny fianarany ho manamboninahitra ao amin'ny tafika izy ankehitriny. Ary izy . . . Izy ireo, etamazaoron'ny tafika, dia nitondra azy ho an'ny fitsapana lehibe. Ary nikaroka ny tantaran'ny taranany izy mandrapahatonga azy ireo tsy maintsy nanaporofa mihitsy aza hoe iza no reniben'ny renibeny, sy ny tantaran'izy ireo ary izay naha-izy azy ireo, talohan'ny nahafahany nipetraka tao amin'io fivoriana io.

⁴⁵ Ary raha tonga avy tany amin'ilay fivoriana izy, ka niakatra teny an-tampon'ilay havoana izay nitoeranay niaraka tamin'ny sakaiza sasantsasany, dia nihaona tamiko teo ambanin'ny hazo zenevrie iray izy, ka hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, izany no zavatra mahasatra indrindra izay hany renao.” Hoy izy hoe, “Teo ambanin'ny fianianana loatra aho ka tsy afaka niteny, na tsy afaka namoaka vaovao,” hoy izy, “satria izahay dia . . . Nitondra anay teo ambanin'ny fianianana mihaja izy ireo. Fa,” hoy izy, “afaka miteny aminao an'ity aho. Hitsahatra ny tafika. Tsy hanana tafika intsony izy ireo; mpiambina vitsivitsy fotsiny eo. Tsy hanana fiaramanidina intsony izy ireo. Izy ireo tsy—tsy handany ny fiatoany hanamboatra fiaramanidina haingampandeha sy ny sisa, raha tsy hoe ho an'ny fampiasana arabarotra fotsiny ilay izy. Mifantoka eo amin'ny fanapotserana iray eo amin'ny fihatsim-basy iray fotsiny izy ireo. Ho avy ny fandranganana manontolo iray.”

⁴⁶ Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, tena tsy fantatry ny daholo be hoe inona ireo tsiambaratelon'ny zavatra aramiaramila.” Hoy izy hoe, “Rehefa miresaka ao anatin'ny efitra ireo manamboninahitra lehibe,” hoy izy, “dia tonga manerana ny efitra ny aizina mampahatahotra iray tahaka an'izany, hany ka nitsangana ny iray tamin'ireo siantifikany lehibe, ka nanao hoe, ‘Maniry aho ny ahafahako maka vagao tranainy iray sy ombivavy iray, ka miverina any ambadik'ireo tendrombohitra, ary mamboly tanin-daisoa sy tsaramaso iray ho ahy, dia manadino ny rehetra mikasika an'izany.’ Oh,” hoy izy, “izany dia ho, raha ho tonga any amin'ny daholobe izany vaovao izany, dia hiditra ao amin'ny fikorontanana iray izao tontolo rehetra izao. Manatona ny loza.”

⁴⁷ Hoy izy hoe, “Izy ireo dia manana . . . misintona ny mpiasany hiala avy any amin'ireo nosy ankehitriny. Misintona an'ireo andia-tafiny avy any Angletera izy ireo. Ary manana lakambe

goavana be izy ireo mipetraka any, miaraka amin'ny karazana fiadiana iray. Ary miandry fotsiny ny fandefasana an'ilay misila voalohany izy ireo, dia handefa ny firenena tsirairay amin'ilay fotoana iray ihany." Hoy izy, "Tsy hisy tahom-bozaka anankiray ho tavela eto ambonin'ny tany, na tendrombohitra anankiray izay tsy hihozongozona hatrany amin'ny fotony. Ary mety hitranga amin'ny fotoana rehetra izany." Oh, ora maizina iray toy ny inona!

⁴⁸ Ary ireo zavatra rehetra izay renareo mikasika an'ireo zava-boribory manidina ireo. Ary efa renareo ilay fifampiresahana tamin'ilay lehilahy, heveriko, omaly, teo amin'ny radio, izay mihambo fa efa niresaka tamin'ny olona izy. Tena tsy maniry ny tsy hiraharaha an'io lehilahy io aho, fa ny rafitran'ny manontolo dia mifanohitra amin'ny Teny. Tsy marina izany. "Ary eny amin'ny Mars, dia tsy manana fahafatesana izy ireo, ary ho tonga eto izy ireo hampianatra antsika hoe ahoana no tsy hananana fahafatesana." Fa rehefa tonga eo amin'ny porofo ilay izy, dia tsy nanana pentina porofo anankiray izy, izay azony nanaporofoina an'izany. Hevitra angano iray fotsiny izay nosoritany. Ary, araka ny hevitra, dia diso izany, satria ny Baiboly dia nilaza hafa noho izay nolazainy.

⁴⁹ Mety haneho an'izay tena eritreretiko mikasika an'ireo zava-boribory manidina aho. Tena tsy mino aho fa aloka izy ireo. Tena tsy mino aho fa angano izy ireo. Mino aho... Ary tsy manao an'ilay izy ho marina ity. Hevitro fotsiny ihany ilay izy. Tsy niteny tamiko ny Tompo hoe izany izy ireo. Fa, tamin'ny fijerena tao amin'ny Soratra, satria Ao no ahitantsika ny zavatra rehetra.

⁵⁰ Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona." Ary talohan'ny fandravàna an'i Sodoma, sy nilatsahan'ny afo ka nandoro an'ilay tanàna sy ireo lemaka, dia nisy Anjely nirahina avy tany An-danitra, izay nitsidika ary nikaroka, mba hahita raha marina ireo zavatra ireo na tsia. Ary tsy ho tahaka an'izany ve no handefasan'Andriamanitra indray an'Ireo Anjelin'ny mba hanadihady sy hahita, mialohan'ny ahatongavan'ilay fandravàna lehibe mihitsy? Ary efa voamarikareo ve? Nisy Anjely anankiray Izay tonga, Izay namangy lehilahy antitra iray izay nanapa-kevitra ho an'Andriamanitra, ary nipetraka, nohamavoin'izao tontolo izao, tao anatin'ny tranolay tany antany efitra, satria nisy olona iray nisafidy ary nitondra ny harenany rehetra. Fa hoy izy hoe, "Mety tsara izany. Hijanona eto ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra fotsiny aho."

⁵¹ Aleoko ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra toy izay hanana ny vola rehetra izay azon'izao tontolo izao hatolotra anareo.

⁵² Ary vantany vao nandray ny fanapahan-keviny farany izy, tamin'izay fotoana izay dia tonga teo amin'i Abrahamana ilay Anjelin'ny Tompo ka nanao hoe, "Mijere any atsinanana,

andrefana, avaratra, ary atsimo. Anao daholo izany, ry Abrahamana.”

53 Ny Soratra dia miteny amintsika hoe, “Sambatra ny malemy fanahy: fa izy ireo no handova ny tany.” Inona no fahasamihafana ataon’izany? Ny zavatra ny tany rehetra dia ho levona miaraka amin’ny tany, fa Andriamanitra dia tsy mety levona mihitsy.

54 Ary izaho dia mino araka ny, itarihana ahy hino, izany hoe, raha ny sarin’ily Anjelin’ny Tompo Izay tonga ka manao ny famantarana . . .

55 Efa voamarikareo ve ilay Anjely Izay tonga teo amin’i Abrahamana? Nanatodika ny Lamosiny nankany amin’ny tranolay Izy, rehefa niresaka tamin’i Abrahamana Izy, ka nanao hoe, “Hihazona ny Fampanantenako taminao Aho.”

56 Oh, Hafatra iray an’ily Anjelin’Andriamanitra toy ny inona amin’izao andro izao, Izay hihazona ny Fampanantenany! Ny tsi-finoana rehetra an’izao tontolo izao, ireo mpisalasala, mpihanahana, sy tsi-mahatoky, ary tsi-mpino, dia tsy hanao ny Herin’Andriamanitra ho tsy hisy fiantraikany mihitsy. Hitranga hatrany foana izany.

57 “Tsaroako ny Fampanantenako, ary hanao tsara ny Fampanantenako Aho.” Dia nihomehy tao anatin’ily tranolay Taoriany i Saraha.

58 Ary niaraka tamin’ny Lamosiny nitodika nankany amin’ny tranolay, dia hoy Izy hoe, “Nahoana no nihomehy i Saraha?”

59 Dia nihazakazaka nivoaka i Saraha ka nanao hoe, “Tsy nihomehy aho,” satria natahotra izy.

60 Karazana Lehilahy inona io? Manontany aho hoe karazana Mpiambina inona no teo amin’ily tilikambo tamin’izany? “Karazan’olona inona io miaraka aminay io, nanatodika ny Lamosiny taty amiko, kanefa nahafantatra fa nihomehy aho, tao anaty tranolay?” Tsarovy, Izy no Mpiambina.

61 Dia nitodika Izy, ka hoy Izy hoe, “Eny, tena nihomehy ianao.” Ary natahotra izy.

62 Ankehitriny, mahamarika indray isika, fa amin’izao andro izao mialoha indrindra ny Fihavian’ny Tompo, dia tsy maintsy hiverina indray ireo Vatana ireo. Ary manontany aho, raha mijery manodidina isika ka mahita ny natioran’Izy ireo, mandinika an’izay ataon’Izy ireo, ary manontany aho raha maro amin’ireo fahitana mahagaga ireo no tsy izay nolazain’i Jesosy marina tokoa fa hiseho. “Hisy famantarana eny amin’ny lanitra ambony. Ary hisy fahoriana eto an-tany eo amin’ny firenena, fotoan’ny fahaverezan-kevitra, horohoron-tany any amin’ny toerana samihafa, ary ho faty amin’ny aretim-po ny lehilahy.” Tsy vehivavy; lehilahy. Tsy dia matetika matin’ny aretim-po ny vehivavy. Ny lehilahy ilay izy. Izany no manatanteraka an’izay

nolazain'i Jesosy fa hisy. Izany marina tokoa no Nolazainy fa hisy.

⁶³ Ary noho izany raha afaka hanohy isika, ora sy ora, eo amin'ireo mpaminany rehetra, ahoana no naminanian'izy ireo ny amin'ity andro ity. Tsy hanao ny olona hiantsoantso ve izany hoe, "Ry Mpiambina, toy inona alina moa izao?"

⁶⁴ Ny Pentagone tsy manana ny valiny. Ny Etazonia tsy manana ny valiny. Alemaina, Rosia, tsy misy iray amin'izy ireo manana ny valiny. Ny siansa tsy manana ny valiny.

⁶⁵ Iza no manana ny valiny? Ilay Mpiambina, izay eo ambonin'ny manda, no manana ny valiny. "Ry Mpiambina, toy inona alina moa izao?" Ary ny Fanahy Masina io Mpiambina izay manao ny olona ho vonona io, ka manome fampitandremana avy amin'Andriamanitra. Izy no natao ho Mpiambina. Mahita ny marary sitrana isika, ireo maso jamba lasa nahiratra, ireo sofina marenina nisokatra, ireo mandringa mandeha, ny malemy mitete. . . mitsambikina tahaka ny ombimanga. Manatanteraka ny. . . Inona izany? Izany no Fihavian'ny Tompo, izay manery.

⁶⁶ Ary ireo zavatra rehetra ireo, sy ireo fampitandremana ireo! Nefa ny olona dia manohy tsy ankitsahatra eo amin'ny fetin-dabierany, hatrany amin'ny fotoan'ny fahadalany. Ary misangisangy izy ireo. "Ary mandihy izy ireo, ary mihinana izy ireo, ary misotro izy ireo, ary manambady izy ireo, ary avoaka hanambady izy ireo," araka ny nolazain'Andriamanitra fa hisy mihitsy. Tsy misy fomba hanakanana azy ireo.

⁶⁷ Avy eo raha mahamarika ianareo, ao amin'ity taompianganana lehibe ity, araka ny Apokalypsy 3, ao amin'io taona io ankehitriny no nomena ilay Kintan'ny Maraina, mialohan'ny Fihaviana mihitsy.

⁶⁸ Diniho hoe ara-tSoratra toy ny ahoana i Isaia rehefa nilaza izy hoe, "Ry mpiambina, toy inona alina moa izao?" Hoy izy hoe, "Avy ny maraina, ary ny alina koa." Inona? Avy ny maraina, saingy ny alina no avy alohan'ny maraina. Inona izany? Ny olona rehetra dia mahafantatra fa mialohan'ny fiposahan'ny andro mihitsy, eo amin'ireo ora anatonan'ny andro mihitsy, dia mivadika ho maizina kokoa noho ny hany naha-izy azy ilay izy.

⁶⁹ Oh, ry sakaizako, henoy ny HOY NY TOMPO HOE. Raha mihevitra ahy ho Mpanompony ianareo, dia mialohan'ny fiposahan'ny andro mihitsy izao. Izany no antony isian'izao maizina mampahatahotra izao eto ambonin'ny tany. Mialoha indrindra ny Fihavian'ny Tompo Jesosy izany. Tsy misy fanantenana tavela intsony ao amin'inona na inona afa-tsy Ny Fihaviany.

⁷⁰ Ireo firenena manohitra ny firenena. Ary nofitahin'izy ireo ny trano fandinihan'Andriamanitra hany ka nahazo vanja hifanapotehan'izy ireo ao amin'ny lavenona atomika izy ireo. Ary ratsy fanahy izy ireo, ary tsy-mpivavaka izy ireo, ary tsy

tahaka an'i Kristy izy ireo. Ary ny antony tokana ananan'izy ireo, sy tanjony, dia ny handrava. Ary voatsindrimandrin'ilay anjely mpandrava izy ireo izay nirahina avy any an-danitra hanindrimandry an'ireo lehilahy ireo.

⁷¹ Mamelà ahy hilaza, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, fa ny Fanahy Masina no nirahina ho Mpiambina iray eo amin'ny tilikambo. Ary raha miantsoantso ny olona hoe, "Toy inona alina moa izao?" Sasatra amin'ity fiainana ity ve ianareo? Sasatra amin'ny fahotana ve ianareo? Sasatra amin'ny fanaovana fandevenana ve ianareo, sy aretina, ary ny faharatsiana eo amin'ny lafiny rehetra? Efa lava sy nahasasatra ve ny alina? "Toy inona alina moa izao, ry Mpiambina?"

Hoy Izy hoe, "Avy ny maraina." Hitanareo ve ilay fampiononana?

⁷² "Ary avy koa ny alina." Inona ny alina? Jereo hoe ao amin'ny firindrana tanteraka amin'ny Soratra toy ny ahoana, i Isaia. Amin'ny fizotra mahazatra an'ny—an'ny natiora, isan'andro dia ny fanatonan'ny masoandro no mampivangongo ny aizina miaraka ka manao azy ho maizina. Izany no maizina kokoa mialohan'ny andro noho ny fotoana rehetra amin'ny alina. Nahoana? Ny fanatonan'ny hazavana no manao azy ho maizina.

⁷³ Ary ny fanatonan'ny Tompo Jesosy ankehitriny no mitondra an'izao maizina izao eto ambonin'ny tany. Tsy nilaza ve Izy hoe, "Rehefa manomboka miseho ireo zavatra ireo, dia asandrato ny lohanareo, fa akaiky ny fanavotana anareo"?

⁷⁴ Firenena iray i Palestina. Niverina avy tany amin'ny tany rehetra ireo Jiosy, ary voapetraka any mba hahita Azy tonga, araka ny nolazain'Andriamanitra fa hataon'izy ireo. "Mianara ny fanoharana ny amin'ny hazo aviavy, rehefa mamoka ny tsimony izy." Hoy Izy hoe, "Ho toy izany koa hoe ity taranaka ity dia tsy hitsahatra, tsy ho lany, tsy ho tapitra, raha tsy tanteraka ireo zavatra rehetra ireo." Taranaka inona? Ilay taranaka izay mahita an'ilay hazo aviavy mamoka ny tsimony. Isiraely dia ilay hazo aviavy foana.

⁷⁵ "Izay sisan'ny kijeja, nohanin'ny sompanga," hoy i Joela. "Izay sisan'ny sompanga, nohanin'ny valalavao. Ary izay sisan'ny valalavao, nohanin'ny koraika." Ary raha hanamarika ianareo, dia ilay voangory iray ihany izany. Ny tsirairay avy amin'ireo bibikely izay nihinana an'ilay hazo ireo, dia ilay bibikely iray ihany, saingy ao amin'ny dingana samihafa. Ary ilay fahotana sy tsi-finoana iray ihany izay nanomboka nihinana an'ireo Jiosy, hoe, "Tsy Jesosy no Kristy," no nihinana an'io hazo io hatrany amin'ny fotony karakaina. Ary hitan'ilay mpaminany izany, ka nitomany izy. Saingy hoy ny Tompo hoe, "Izaho no hamerina," hoy ny Tompo, 'an'ireo taona rehetra izay nohanin'ny sompanga, sy ny koraika, ary ny kijeja."

⁷⁶ Ary ny fotoana voalohany nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona, dia niverina any an-tanindrazany ireo Jiosy. “Tsy ho foana izany taranaka izany, tsy ho lany, mandrapahatanterak’ireo zavatra rehetra ireo.” “‘Amin’izany fotoana izany dia handatsaka Ny Fanahiko amin’ny andro farany Aho,’ hoy Andriamanitra, ‘amin’ireo Zanakalahiko sy zanakavaviko, ka haminany izy ireo. Ary Izaho haneho fahagagana.’”

⁷⁷ Efa sitrana ireo marary, efa tanteraka ireo hery lehibe, tamin’ny alàlan’ily Fanahy iray ihany izay nipetraka ka afaka niteny tamin’i Abrahama fa nihomehy tao anatin’ily efitra Taoriany i Saraha.

Noho izany dia miantsoantso isika hoe, “Ry mpiambina, toy inona alina moa izao?”

⁷⁸ Dia hoy izy hoe, “Avy ny alina.” Diniho. Ny alina, aloha. . . Avy ny maraina, aloha. Avy eo, dia ny alina, ihany koa.

⁷⁹ Mialoha indrindra an’ily fiposahan’ny andro, dia misy foana ny hazavana lehibe iray izay mipetraka foana eny andanitra, ary izany dia ny kintan’ny maraina. Rehefa mahita ny kintan’ny maraina lasa mamiratra ianareo, mamiratra kokoa sy mamiratra kokoa, amin’izay fotoana izay dia lasa maizina kokoa sy maizina kokoa ny tany. Ary ny antony mahatonga azy mamiratra kokoa, dia satria maizina kokoa ny tany.

⁸⁰ Ary ilay Fiangonana an’ity andro farany ity, ilay nantsoina hivoaka sy ilay Vatan’i Kristy voafidy, dia efa nampanantenain’ny Baiboly fa Homeny azy ireo ilay Kintan’ny Maraina.

“Ry mpiambina, toy inona alina moa izao? Inona no hitranga?”

⁸¹ Izaio ilay izy. Tonga eto amin’izao tontolo izao ny fandringanana manontolo. Fa mialohan’ny isehoan’ily fandringanana, dia handeha ao amin’ny Fampakarana ilay Fiangonan’i Jesosy Kristy, hitsena Ny Tompony.

⁸² Inona no ataon’ily kintan’ny maraina? Inona no manao an’ireo kintana ho tena mamiratra amin’io fotoana io? Ny fanatonan’ny masoandro izany. Ilay kintan’ny maraina dia mampitaratra ny hazavan’ny masoandro. Toy ny hoe manjavona ireo kintana hafa amin’io fotoana io.

⁸³ Ireo teolojia nataon’olona rehetra, ireo fahasamihafana mangatsiaka, ara-pombafomba rehetra dia ho maina. Fa io mpiambina mipetraka eo amin’ny tilikambo eo io, miaraka amin’ily Kintan’ny Maraina, dia hampitaratra an’ily Hafatra marina an’ny Tompo Jesosy izay hanatona tsy ho ela, satria mamiratra kokoa sy mamiratra kokoa Izy, isan’andro, raha manomboka miposaka ny masoandro.

⁸⁴ Oh, hilaza aho, ry kintan’ny maraina hoe, mitsangàna ka mamirata ho an’ny voninahitr’Andriamanitra, fa eto ambonin’ny

tany ny fanatonan'ny aizin'ny misasak'alina, ary aizim-pito no eo amin'ny olona. Fa avy ny maraina, ka tokony hanome ny hazavany ireo kintana.

⁸⁵ Eritrereto io ora mampahatahotra izay atrehan'izao tontolo rehetra izao io. Eritrereto io maizina mampahatahotra izay atrehin'ny olona tsirairay tsy voavonjy amin'izao andro izao io. Ireo firenena rehetra, sy ireo tendrombohitra rehetra, sy ireo toeram-piompiana rehetra ary ireo trano rehetra izay nireharehan'izy ireo, dia ho lasa vovoka, ho lavenombolokano indray, ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipi-maso.

⁸⁶ Fa ireo izay tia ny Tompo, ireo izay manana ny Hazavan'ilay Kintan'ny Maraina, dia izy ireo no mampifantoka—mampifantoka ny masony eo Aminy, ka miala amin'ireo zavatr'izao tontolo izao! Ary araka ny nosoratan'i Paoly tao amin'ny epistily famaranany, talohan'ny nandaozany ny tany, sasatra izy, sy nikorontan-tsaina, ary reraka. Oh, toy ny ahoana no tsapako ny amin'io Jiosy kely io. Rehefa hoy izy hoe, “Aoka tsy hisy hanahirana ahy. Efa niady ny ady tsara aho, ary nahavita ny fihazakazahako. Nitahiry ny finoana aho. Ary manomboka izao dia misy satroboninahitra iray an'ny fahamarinana izay homen'ny Tompo ilay Mpitsara marina ahy amin'izany andro izany.” Avy eo dia nieritreritra an'ireo kintan'ny maraina ho avy izy, hoy izy hoe, “Tsy ho ahy irery ihany, fa ho an'ireo rehetra izay tia ny Fihaviany.” Oh, “Asandrato ny lohanareo, akaiky ny fanavotana anareo.”

⁸⁷ “Ry mpiambina, inona no manao an'ilay gazety hilaza an'izany? Inona no manao ny siansa hatahotra ny handroso? Inona no manao an'i Pentagone hatahotra ny hamoaka vaovao?” Satria hamono tena ny olona ka hanipy ny volany eny andalambe, sy ny sisa. “Inona no . . . Inona ny olana? Inona izany? Toy inona alina moa izao?”

⁸⁸ “Avy ny maraina.” Marina izany. Inona ny amin'izany rehetra izany? Izany no fanaovana an'ilay maraina, avy, ary manosika an'ilay Hazavana handroso izany. Manao aizim-pito tonga izany mialoha indrindra ny hamiratan'ny Hazavana.

⁸⁹ Tena faly aho fa Kristiana iray. Tena faly aho fa Mpiambiny aho, iray amin'izy ireo, izay mitsangana eo amin'ny manda, miantsoantso hoe, “Miomàna hihaona amin'Andriamanitra, fa akaiky ny oran'Ny Fihaviany.”

⁹⁰ Ary ianareo, ato amin'ity fiangonana ity izao maraina izao, raha misy anankiray izay tsy pozitifa fa mampitaratra Ny Hazavany ao am-ponareo ilay Kintan'ny Maraina, ilay Fanahy Masina lehibe, dia enga anie ianareo hiomana ho an'izany. Satria misy zava-mitranga malaza anankiray izay hany niseho, izay antomotra izao ankehitriny izao. Mitsangana eo amin'ny morony isika, mijery tantara an-tsehatra iray atao.

⁹¹ Matetika aho no nijery sarimihetsika, ahoana ny ao amin'ny Hollywood sy ao amin'ireo toerana samihafa, mametraka ny tantara an-tsehatr'izy ireo. Ary ahoana no andraisan'izy ireo an'ireo mpilalao, sy ny sisa, ary manamboatra azy ireo eo. Ary ahoana no anofanany azy ireny sy ny sisa mialohan'ny isehoan'ilay tantara an-tsehatra lehibe. Gaga foana aho raha nijery an'izany, ka nahafantatra fa tsy maintsy ho sandoka iray izany.

⁹² Ny zavatra sandoka rehetra dia vita avy tamin'ireo tena izy. Tsy mety hisy dolara sandoka iray raha tsy misy ny anankiray tena izy. Tsy mety hisy mpihatsaravelatsihy iray raha sy misy ny Kristiana iray tena izy. Tsy mety hisy hafatra sandoka iray raha tsy misy Anankiray marina. Tsy mety misy alina iray raha tsy misy andro iray. Izany tokoa!

⁹³ Ary raha nijery azy ireo nanao ny tantarany an-tsehatra aho, dia nieritreritra aho hoe, "Oh, mijoro eo ambonin'ilay tilikambo izahay, any ambony lavitry ny zavatra rehetra an'ity izao tontolo izao ity, ary mandinika ny roa amin'ireo zavatra lehibe izahay; ny fahataperan'ny fotoana, sy ny Fihavian'ny Tompo." Tsy ho ela, "Tsy hisy andro intsony." "Tsy hisy fotoana intsony," ary ny Fihavian'ny Tompo.

⁹⁴ Ary ilay antikristy, manana ny olony mipetraka any izy. Manana ny kominisma izy. Manana an'ireo isma samihafa izy: manana ny fiangonanisma izy, manana ny Katolisisma izy, manana ny Protestantisma izy. Manana ny zavatra rehetra voapetraka izy, mba hanao fampisehoana lehibe iray.

⁹⁵ Fa tena faly aho fa misy Ray iray any An-danitra, Izay manana ny Olony voapetraka, ihany koa, ho an'io tantara an-tsehatra lehibe iray io. Rehefa mitondra azy ireo ao anatin'ity faharavan'ny zavatra rehetra ity ilay antikristy, na dia ny fotoana aza, dia vonona Andriamanitra ao amin'ny Tantarany an-tsehatra hampiakatra Ny Fiangonany ao amin'ny Mandrakizay, ao amin'ireo faritra feno fahasambarana an'ny Mandrakizay, miaraka amin'Andriamanitra Izy tenany. Rehefa, hovaina ireto vatana antitra ratsy ireto ka hatao mitovy amin'Ny Vatany Manokana be voninahitra, ka hitafy ny tsi-fahafatesana ity fahalòvana ity, ary hitsangana mandrakizay araka ny Endriny isika.

⁹⁶ Jereo! Ianareo izay mijery televiziona, ianareo izay mihaino radio, ianareo izay mamaky gazety, ianareo izay tia mihaino vaovao ary ianareo izay manontany hoe inona izany, dia henoy ny feoko: "Avy ny maraina, ary avy koa ny alina." Ny maraina dia avy ho an'ireo izay vonona ho an'ny maraina, ary ny alina dia avy ho an'ireo izay tsy mivonona ho an'ny maraina. Enga anie hanomana ny fontsika Andriamanitra androany.

⁹⁷ "Satria hamoaka Mandrakizay mamiratra sy tsara tarehy ilay maraina." Ary araka ny nolazain'ilay poety hoe, "Hiangona

any an-tranony any ankoatry ny lanitra ireo Nofidiany. Rehefa antsoina any ambony any ilay horonana, dia ho any aho.”

Ndao isika hivavaka.

⁹⁸ Ao amin'ity oran'ny maizina manerana ny tany ity, sy ny faharavana eo amin'ny lafiny rehetra, Tompo Andriamanitra, izahay dia . . . Tsy afaka maneho fotsiny izahay hoe ahoana no tsapanay, sy ny fisaorana ary ny fankasitrahana ao am-ponay, hoe nidina avy tany amin'ny Voninahitra Jesosy Kristy, ka tonga olona iray tahaka anay, nonina teto anivonay. Ary avy eo rehefa maty nohon'ny fahotanay Izy, dia nandalo ny lalan'ny Paradisa, ka nitondra an'ireo fanahy niandry, namakivaky ny hery arapanahy tsirairay izay namatoran'ny devoly ny tany, ary nanao tsipika iray, mba ahafahan'ny taramasoandron'ny fahasoavana Mandrakizay an'Andriamanitra hamiratra eo amin'ireo izay manaiky handray an'izany.

⁹⁹ Andriamanitra, ekeo androany, mba hidiran'ny olona hatraiza hatraiza haingana, haingana, ao amin'ny Fanjakana, satria efa maika foana ny Hafatra. “Haingàna, haingàna, mivoaha!” hoy ilay Anjely, tany Sodoma, “Tsy afaka manao na inona na inona Aho mandra-pahatonganao eto.” Tompo, ekeo, fa na dia feno fahasoavana aza ny Hafatra, sy hery, ary fitiavana, dia mbola maika foana izany. Ekeo, Tompo, mba ho afaka ho tonga haingana ny olona ary handray an'i Kristy ka ho feno ny Fanahy Masina. Satria hoy Jesosy hoe, “Avy amin'Andriamanitra izy ireo, mihaino ny Tenin'Andriamanitra.” Enga anie izy ireo ho tonga ka hibebaka ny amin'ny fahotany, hatao batisa amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ho an'ny famelàna ny fahotan'izy ireo, ka ho feno ny Fanahy Masina; mba hanomana ny fanahiny ao amin'ilay toerana izay nisy an'ilay fiangonana voalohany, dia ho toy izany koa rehefa tonga Ianao.

¹⁰⁰ Feno fisaorana izahay nohon'ny Hafatra, ary mivavaka mba Hitahiana an'Izany, Tompo, hahasoa ny fonay, raha miandry Anao izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

¹⁰¹ [Elanelana tsy voaraki-peo. Manomboka mitendry ny mpitendry piano hoe *Rehefa Mampaneno An'Ireo Lakolosy Volamena Izy Ireo*.—Mpand.]

Tsirairay no hahatongavantsika eo amin'ny
vavahady,
Mba honina any miaraka amin'ny tsy mety maty,
Rehefa mampaneno an'ireo lakolosy volamena ho
ahy sy ianao izy ireo.

¹⁰² Tsy tianareo fotsiny ve Izy? Ankehitriny, tapitra ny hafatra, ndao isika hanompo Azy fotsiny tahaka an'izany, ao amin'ny Fanahy. Izao fotsiny . . . Eto Izy. Teny lehibe, hentitra, saingy marina izy ireo. Miteny azy ireo amin'ny Anaran'i Kristy aho. Ny fanatonan'ilay andro. Raha manaraka ahy tsara ianareo . . . Tiako izao . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

... ahy sy ianao.

Ndao isika hanangana ny tàmantsika fotsiny.

... renao...

Tsy renao ve ireo Anjely mihira?
 Jobilin'ny voninahitra haleloia iray izany.
 Ao amin'io mamy mandrakizay lavitra io,
 Any ankoatr'ilay renirano mampiratra fotsiny,
 Rehefa mampaneno an'ireo lakolosy volamena ho
 anao izy ireo...

¹⁰³ Raha mbola mitendry an'izany indray izy, dia ndao isika handray tàmana ny olona eo akaikinareo fotsiny!...?...

... mamy mandrakizay,
 Any ankoatra fotsiny...
 Rehefa ny...amin'ny finoana irery ihany no
 ahatongavana eo amin'io morona io...

¹⁰⁴ Mifampilazà fotsiny hoe, "Ry mpivahiny, tena faly aho ny miaraka aminao."

... tsirairay no ahatongavantsika eo amin'ny
 vavahady,
 Mba honina any miaraka amin'ny tsy mety maty,
 Rehefa mampaneno an'ireo lakolosy volamena ho
 ahy sy ianao izy ireo.

Tsy renao ve ireo lakolosy maneno ankehitriny?
 Tsy renao ve ireo Anjely mihira ankehitriny?
 (Inona izany?)

Jobilin'ny voninahitra haleloia iray izany.
 Ao amin'io mamy mandrakizay lavitra io,
 Any ankoatr'ilay renirano mampiratra fotsiny,
 Rehefa mampaneno an'ireo izy ireo...

¹⁰⁵ Mitondra zavatra iray ao an-tsaiko mihitsy izany. Ny vadiko, iry aoriana iry, dia mahatsiaro tsara an'izany. Nanana tombontsoa nitsidika an'ilay fiangonana Pisgah fahiny aho, fikambanana ara-Baiboly any California. Nanao fivoriana hariva niaraka tamin'izy ireo aho. Izany dia ilay foiben'ny herinaratra fahiny, tany am-boalohany. Toerana mahafinaritra iray toy ny inona! Nihaona tamin'ilay pasitera aho, Rahalahy Smith. Fantatrareo, nanonta gazety iray izy ireo. Manana fanampiana izy ireo. Tsy naka rakitra izy ireo. Ny zavatra rehetra dia maimaim-poana. Ary efa nisy nandritry ny dimampolo taona mahery izy ireo. Dokotera iray izay nandringa no nanorina azy, tonga tany California hitady fanampiana. Hoy ilay dokotera hoe, "Tsy misy na inona na inona azo atao ho anao."

Mino aho fa itompokolahy Dr. Price na olona iray, no nivavaka ho azy, tany tao amin'ny efitra iray indray maraina. Tsy nahazo vokatra izy, toa tahaka an'izany, teo no ho eo. Tsy

midika na inona na inona izany. Noho izany, dia nanomboka izy. Hoy izy hoe, “Na manao ahoana na manao ahoana, na hafa, dia mino aho, na izany aza.” Ary rehefa nanomboka nametraka ny tongony teo amin’ny sisin-dàlana izy, dia lasa nahitsy ny ranjony nandringa. Nanorina ny Pisgah Home izy.

¹⁰⁶ Tany aho indray hariva, nitory teny. Nifanety izy ireo tao amin’io trano malalaka goavana io, ary an-jatony sy an-jatony no nitsangana nanerana ny làlambe rehetra sy ny sisa, izay nidiran’izy ireo tany aoriana. Ary rehefa nifarana ny Hafatra, dia nisy zavatra nitranga, zavatra roa izay tsy mbola hitako mihitsy teo amin’ny fiainako. Tsy andian’olona izay tia manao tabataba betsaka fotsiny izy ireo. Tsy andian’olona izay mipetraka izy ireo, maina. Olona feno ny Fanahy izy ireo. Ary nankasitrahako izany fiombonana mahafinaritra izany. Ary izahay rehefa . . .

¹⁰⁷ Talohan’ny handehanako hivavaka ho an’ny marary mihitsy, dia nanomboka nihira zavatra mamy tahaka an’izany izy ireo. Dia nitsangana aho, ary gaga. Hoy aho hoe, “Misy zavatra miseho eto. Tsy azoko.” Nihaino indray aho, ary nandre antoko mpihira roa. Hoy aho hoe, “Tsy maintsy misy zavatra tsy mety eo.” Dia nahetsiko ny lohako. Ary, teo amin’ny sofiko, indray. Hoy aho hoe, “O Tompo, angamba ako iray avy amin’ity antoko mpihira eto ity izany.” Nandre anankiray hafa aho *teto*, ambony, tendro tena avo. Hoy aho hoe, “Tsy maintsy eo ambony eo izany.” Noho izany dia niala teo amin’ilay fitoeran’ny mpitoriteny aho, teto nankeo amin’ny toeran’ny antoko mpihira. Teo ambony teo ilay izy.

Ary izaho—nilaza tamin’ny vadiko aho, hoy aho hoe, “Henonao ve izany, ry malala?”

Hoy izy hoe, “Inona izany?”

“Ranabavy Arganbright,” hoy aho, “henonao ve izany?”

Hoy izy hoe, “Eny. Efa nandre an’izany indray mandeha aho taloha, teo amin’ny fiainako.”

Nandeha nankeo amin-dRahalahy Arganbright aho, “Henonao ve izany?”

“Eny.”

¹⁰⁸ Ny olona rehetra niaraka tamin’ny lohany niondrika, nihira. “Oh,” hoy aho, “angamba . . . Izaho—te-hahazo antoka aho. Tsy te-ho mpisalasala aho, saingy, Tompo, raha Vavolombelonao aho, raha tsy maintsy ho mpiambina iray aho, dia tsy maintsy mahafantatra an’izay resahako. Tsy maintsy mahazo antoka ny amin’izany aho.”

¹⁰⁹ Tahaka ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra, raha tsy mahazo antoka aho, dia tsy hilaza na inona na inona mikasika an’izany. Raha tsy mahazo antoka aho fa izany no Fihavian’ny Tompo, dia tsy hilaza na inona na inona mikasika an’izany aho. Tsy maintsy mahazo antoka aho.

110 Niverina nankeo amin'ilay fitoerana indray aho. Ny olona rehetra niaraka tamin'ny lohany niondrika.

111 Ary ilay antso eny amin'ny alitara, olona maro no nametraka ny tãanany teo amin'ny varavarankely, nanatona an'i Kristy. Ary nihira izy ireo. Rehefa tonga teo aho, dia hoy aho hoe, "Tompo, tsy mety hisy izao. Ireto olona mihira *eto* ambany eto ireto dia olona tsotra fotsiny, fa ity *eto* ambony eto ity dia naneno toy ny hoe ilay izy dia vitsy. . . Angamba roa na telo arivo no nihira, *eto*, fa ilay izy dia toy ny hoe nisy iray hetsy angamba *tetsy* ambony *tetsy*." Ary izany no feo malefaka indrindra, tena soprano avo, tahaka ny feom-behivavy. Nihaino aho, ary hovitra fotsiny no nanadeha nanerana ahy manontolo.

112 Nihemotra iray minitra fotsiny indray aho. Nihaino aho. Niakatra aho, avo. Niverina, satria nanohy nihira tao amin'ny Fanahy fotsiny izy ireo. Nihaino indray aho. Tsy *ity* feo ity ilay izy. Afaka nandre azy ireo aho *teto* ambany *teto*, karazana feo anankiray; ary ity *teto* ambony *teto* ity, dia karazana feo iray hafa.

113 Noho izany rehefa nifarana ny fotoana, dia hoy aho tamin'ilay pasitera hoe, "Pasitera, nandre zavatra hafahafa aho."

Hoy izy, "Inona ilay izy, Rahalahy Branham?"

114 Hoy aho hoe, "Nandre aho ny—feom-behivavy soprano iray, feo avo voaofana, ny maha-te-ho tia indrindra izay hany reko teo amin'ny fiainako, *teto* ambony *teto*."

115 Hoy izy hoe, "Efa matetika no re *teto* izany, Rahalahy Branham."

116 Efa nandre reny antitra aho. . . Oh, adinoko ny anarany ankehitriny, izay nivavaka ho an'ny marary taloha. Ary indray hariva taorian'ny namaranan'ny pasitera ny toriteniny, dia nidina ilay reny kely hivavaka ho an'ny marary. Nanana ankizy kely teo amin'ny dimy na enina teo izy, niaraka taminy. Dia nijanona izy ary nihaino. Ary Rtoa. Woodworth-Etter ilay izy, raha mba namaky ny bokiny ianareo rehetra. Ary nandre izy, hoy izy hoe, "Antoko mpihira iray mihira ambonin'ilay hira tao amin'ny fiangonana."

Taorian'ny nijanonan'ireo feo, *teto* ambany *teto*, dia mbola nanohy nihira Izany, hitanareo. Dia nitsangana teo aho.

117 Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy, tany amin'ny farany aorian'ilay tranobe. . . Hitanareo ve hoe nilamina toy ny ahoana, tanteraka? Ankehitriny, izaho—tena mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Mino aho fa fanomezam-pahasoavana iray avy amin'Andriamanitra izany, izay ao anatin'ny fiangonana. Mino aho fa diso fampiasa tahaka an'ireo Soratra hafa diso fampiasa izany, fa misy ny anankiray tena izy. Eny. Ary nitsangana ity lehilahy tany aorian'ny tranobe ity,

tany amin'ny farany aoriana, ka nilaza teo amin'ny teny efitra na dimy tamin'ny fiteny hafa iray. Tsy—tsy iray fotsiny. . . Ilay izy dia fi—fitenim-paritra iray. Afaka nandre ianareo. Nangina ny olona rehetra.

¹¹⁸ Ary nisy Zavatra tonga teo amiko, tsy mbola nanana fandikana iray mihitsy aho, teo amin'ny fiainako. Ary tsy nampiasa an'izany aho tamin'izany, satria natahotra aho. Avy amin'Andriamanitra ireo zavatra ireo. Tsaratsara kokoa aminareo ny tsy miadaladala amin'izy ireo.

¹¹⁹ Dia hoy ny Zavatra iray tamiko hoe, “Hivavaka ny vavaky ny finoana ny pasitera.” Tsy maintsy nihazona ny vavako hikombona aho. Dia niandry aho. Ary indro tonga indray Izany, tonga ny onja iray, ka nanao hoe, “Hivavaka ny vavaky ny finoana ny pasitera.”

¹²⁰ Nieritreritra aho hoe, “Tompo, tsy nanana fanomezam-pahasoavan'ny fandikana aho. Ny ahy dia ny mivavaka ho an'ny marary, noho izany dia tsy manana fanomezam-pahasoavan'ny fandikana aho.” Dia nakomboko indray ny vavako ka nipetraka tsara.

¹²¹ Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy dia nitsangana ilay pasitera ka nanomboka nivavaka ho an'ny marary. Oh, Andriamanitra Izy! Sitrana ny aretina, nanerana an'ilay tranobe manontolo, hatraiza hatraiza. Inona izany? Ny fiposahan'ny andro. Misy sampana kely iray tavela. Aza manahy. Tsy mbola tsy nanana vavolombelona iray mihitsy Andriamanitra.

¹²² Matoky ankehitriny fa misy zavatra lehibe iray mahagaga, any ho any, angamba tsy amin'ny feon'Anjely iray, fa zavatra iray izay hamela ny mpanota tsirairay, raha misy tahaka an'izany ato amin'ity tranobe ity, hahafantatra fa ny alina dia lasa maizina kokoa sy maizina kokoa manerana ny tany, ary aizim-pito. Fa antomotra ny Fihavian'ny Tompo, izany no manao an'ilay izy. Ary amin'ny maha-mpiambinareo, dia hilaza aho hoe, “Avy ny maraina.” Aoka ho vonona, ry kintan'ny maraina, mampirata!

¹²³ Firy no te-hotsarovana ao amin'ny vavaka famaranana alohan'ny handehanantsika? Atsangano fotsiny ny tãanareo.

¹²⁴ Andriamanitra malala, Ianao no mahita ny olona raha manangana ny tãany izy ireo. Ary tso-po izy ireo ao amin'izany. Maro amin'ireo izay mikaroka ny gazety, mikaroka filozofy izy ireo, boky sy lahatsoratra an'ireo zavatra samihafa, kanefa tsy mety mahita valiny izy ireo. Fa indro tonga izany, izao maraina izao, ao anatin'ny Baiboly. “Avy ny maraina, ary avy koa ny alina.” Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hitahianao ny olona tsirairay ato, izay nanangana ny tãany. Ary Ianao no mahafantatra an'izay ao ambadik'io tãana mitsangana io. Ary, Tompo, mino aho fa eo amin'izay ipetrahan'izy ireo ankehitriny mihitsy, dia afaka hizara amin'izy ireo ny lovany avy amin'ny Fanahy izay tadiavin'izy ireo amin'ity ora ity ilay Andriamanitra

manatrika mandrakariva. Omeo ny tsirairay, Tompo. Nohon'Ny Teninao sy ny fanirian'izy ireo, ary Ny teny fikasanao Masina izay tsy mety diso, dia enga anie izy ireo handray an'izay nananganany ny tãnany, raha manolotra an'izao vavaka izao ho azy ireo aho. Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, enga anie izy ireo handray an'izany. Amena.

Homba anareo anie Andriamanitra.

¹²⁵ Ankehitriny isika dia manana fotoana kely fotsiny ho an'ny... Ankehitriny dia hivavaka ho an'ny marary isika. Tena faly aho ny mahafantatra fa misy ny fanantenana ho an'ny marary. "Izaho no Tompo Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra."

¹²⁶ Ary izaho, na toa hafahafa mihitsy aza ilay izy, nentina aho vao teo, nankeo amin'ny reny tanora iray nandry teo amin'io fitondra-marary io. Ary izy dia—dia tratry ny aretin'ny Hodgkin. Ary mino aho fa mipetraka eto miaraka aminy ny reniny. Tena azoko antoka. Eny, marina izany, fa io reny io no niteny tamiko ny amin'ny zanany, ary niezaka nampahery azy aho.

¹²⁷ Ary antso iray fotsiny, ihany koa, taorian'ity hafatra ity. Tsapako fa ny famonjena no zavatra voalohany. Ny fanasitrana no faharoa. Ny fanasitrana dia mety haharitra hatrany amin'ny fiafaran'ny fiainanareo, taona maro. Mety hanome hasambarana sy fifaliana ho anareo izany raha mbola eto an-tany eto ianareo, fa hitsahatra izany amin'ny...eo amin'ny fahafatesanareo. Fa ny fanahy iray izay voavonjy, no manana Fiainana Mandrakizay. Tsy mety levona izany, na tsy misy na inona na inona hany afaka hanaisotra an'izany aminareo. Lasa ao anatin'ireo Bokin'Andriamanitra izany, mba hatsangana amin'ny andro farany. Ny zavatra lehibe indrindra dia ilay zavatra voalohany hoe, "Voalohany, ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Fahamarinany, hampiana ireo zavatra hafa."

¹²⁸ Te-hanome fijoroana vavolombelona anankiray ny amin'ny fanasitrana an'io aretina mampahatahotra izay ijalian'io vehivavy tanora io aho. Ary nisy fotoana iray lasa...Mety manatrika angamba izy ireo izao marina izao. Tsy eto aho mazana mba hahafantatra hoe iza no iza. Maro aminareo no tsy fantatro. Fa nisy zazavavy tanora iray teto tao amin'ny sekoly ambonintsika. Ary nijaly tamin'ny aretin'ny Hodgkin izy, ka nentina nankany amin'ny dokotera iray, mikasika an'ireo fivontosana goavana nivoaka taminy. Ary naka ampahany iray an'ilay fivontosana izy ireo ka nandefa an'izany, mba hahitana hoe inona ilay izy. Ary niverina izany hoe, "Aretin'ny Hodgkin tsy azo sitranina."

¹²⁹ Ary tsy tian'ilay reny ny ahafantaran'ilay ankizy hoe inona ny aretiny. Dia nanoro hevitra an'ilay reny ireo dokotera mba hamela azy handeha any an-tsekoly fotsiny, satria nanana andro

maro hahavelomana izy. Farany dia mamely ny fo ilay izy. Ary ny aretin'ny Hodgkin dia homamiadana, fantatsika izany, ao amin'ny endrika iray. Noho izany dia nalefan'izy ireo ilay—ilay zazavavy tanora niverina nankany an-tsekoly, mba hamela azy ho faty.

¹³⁰ Nikoropaka ilay reny. Dia niantso ahy tamin'ny telefona izy, ka nanao hoe, “Te-hitondra azy aho. Saingy azoko, Ranadahy Branham, fa ao amin'ireo laharam-bavakao, matetika, dia miantso an'ireo aretina ianao rehefa mahazo ny tsindrimandrin'ny Fanahy.” Hoy izy hoe, “Ho tena tsara fanahy ve ianao, raha manambara zavatra mikasika an'ilay ankizy ny Fanahy Masina, mba tsy hilaza an'ilay izy?”

¹³¹ “Eny,” hoy aho, “tsy mihevitra aho fa hanambara an'izany Izy, raha tsy Tiany ho fantatra izany.” Hoy aho hoe, “Zara aho raha mieritreritra an'izany. Ary ao amin'ny tabernaklako manokana eto, dia mahalana aho no manao an'izany karazana fivoriana izany.” Hoy aho hoe, “Mivavaka ho an'ny marary fotsiny aho.”

¹³² Ary niditra tao amin'ny laharam-bavaka ilay ramatoa tanora. Dia nanontaniako ilay reny hoe, “Kristiana ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Tsia.”

Hoy aho hoe, “Kristiana ve ilay zazavavy?”

“Tsia.”

¹³³ Hoy aho hoe, “Izany no fomba mahatsiravina iray ialana eto amin'izao tontolo izao.” Dia hoy aho hoe, “Tsy hahita azy intsony indray ianao, raha lasa ao amin'izany toerana izany izy.”

¹³⁴ Noho izany rehefa tonga tao amin'ny efitra ilay ramatoa tanora tamin'io maraina io... Ary nandalo teo akaikin'io toerana iray ihany izay nivavahana ho an'ilay zazavavy tanora io; ho toy izany koa io zazavavy io, afaka minitra vitsy. Nanontaniako izy. Fantatro izy. Dia hoy aho hoe, “Ianao ve ilay ramatoa tanora avy amin'ny sekoly ambony eto?”

Hoy izy hoe, “Izaho no izy.”

Hoy aho hoe, “Fantatrao tsara ve ny aretinao?”

¹³⁵ Hoy izy hoe, “Miteny amiko ireo dokotera hoe mihevitra izy ireo fa ho mety tsara aho.”

¹³⁶ “Eny,” hoy aho, “ahoana moa raha tsy mety tsara ianao? Kristiana ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Tsia, tompoko. Tsy izy aho.”

Hoy aho hoe, “Tianaio ve ny ho lasa Kristiana?”

Hoy izy hoe, “Tiako.”

¹³⁷ Dia hoy aho hoe, “Homenao an'i Kristy ve ny fonao?” Dia nilaza izy fa homeny. Dia nitsangana ny reniny ary nilaza fa

izy koa dia hanome. Fa, nataoko batisa teto amin'ny dobo teto mihitsy izy roa. Nivavaka ho an'ilay zazavavy tanora aho.

¹³⁸ Ary nandeha ny fotoana. Ary farany dia nanomboka nihasara kokoa ilay zazavavy, afaka andro vitsy, dia tsy fantany izay tsy nety. Ary afaka kelikely, dia nentin'izy ireo niverina ho an'ny fandinihana izy, ka tsy afaka nahita marika iray an'izany, mihitsy izy ireo. Misy ny . . .

¹³⁹ Tsy tiako ny miresaka zavatra manindrahindra mikasika ny olona, saingy tiako ny hahitsy fo mikasika ny olona. Misy lehilahy iray ato amin'ity tanàna ity, izay fantatra tsara, ary rahalahy Kristiana mahafinaritra iray, raha tsy izany dia tsy ho diakona iray an'ity fiangonana ity izy . . . Ny tiako lazaina, dia mpitantan-draharaha an'ny fiangonana. Ary manatrika izy ankehitriny. Ary noraisiny ho an'ny tenany fotsiny ny hikarakara an'io zazavavy io. Taona maro taty aoriana izany, roa na telo taona taty aoriana, nahavita ny fianarany ilay ramatoa tanora ka nandeha niaraka tamin'ny zazalahy iray.

¹⁴⁰ Ary nihaona taminy teny an-dàlambe aho indray andro, ary tena faly izy, ka nijoro vavolombelona ny amin'ny voninahitra sy ny herin'i Jesosy Kristy, rehefa avy niteny taminy izy ireo hoe inona ilay izy. Manambady ilay zazavavy. Manan-janaka izy. Ary miaina sambatra izy.

¹⁴¹ Ary tonga tany amin'ny toeram-piasan'io lehilahy io ny rainy, mba hanapaka ny volony. Ary Atoa. Egan eto, izay efa—efa niandraikitra an'ilay tranga hatramin'ny ela. Ary sitrana sy salama ilay zazavavy. Ary efa hatramin'ny oviana izany, Rahalahy Egan? Taona maro lasa, sa tsy izany? [Hoy Rahalahy Egan hoe, “Efatra, dimy, enin-taona lasa.”—Mpand.] Ary velona izy androany, ho vavolombelona iray fa manasitrana ny aretin'ny Hodgkin Andriamanitra.

¹⁴² Oh, tena tsara ny mahafantatra, fa ao amin'ireo orampahoriana, dia manana fialofana iray isika. Kristy izany fialofana izany.

¹⁴³ Tiako fotsiny ny hanao tatitra mandritry ny . . . ho an'ny sisa aminareo, zavatra kely iray tao amin'ny fivoriana, izay vao avy nitranga. Tena tsara ny Tompo tamin'ny famaliana ny vavakareo rehetra, raha nandeha tany Andrefana aho ho an'ny fivoriana fotsiny ankehitriny, herinandro vitsy lasa izay, roa herinandro. Ary raha mbola tany Tulsa izahay, tao amin'ilay fivoriana, izaho dia . . . tsy niresaka aho, satria . . . Tsy maintsy nanao fivoriana iray aho tany. Fa nanana fifohazana hafa nandeha ireo mpitoriteny, noho izany dia tsy afaka nanao an'ilay fivoriana aho tamin'io fotoana io. Fa nandalo aho, mba haka andRahalahy Arganbright, hitondra azy hankany California; izaho sy ny vadiko, ary i Joseph kely.

¹⁴⁴ Ary tamin'io hariva io, rehefa tonga tara izahay, dia azoko fa Oral Roberts sy Tommy Osborn no tsy maintsy hitory teny

tamin'io hariva io. Noho izany dia niantso tany amin'ireo hotely Rahalahy Arganbright mandra-pahitany hoe taiza no nisy anay, ka nanao hoe, "Tongava any amin'ilay fivoriana." Noho izany dia tonga izy, izy sy Rahalahy Sonmore, ny Christian Business Men, filohan'ilay fivoriana tany Minneapolis. Izy ireo—tonga naka ahy izy ireo.

¹⁴⁵ Dia niditra aho, ary efa avy nihinana ny sakafo hariva izy ireo, tao amin'ny—tao amin'ny efitrano filalaovana Mayo, toerana lehibe. Ireo mpanapitrisa no nipetraka tao. Ary noho izany dia fantatrareo hoe toy ny ahoana no tsapako amin'ny fidirana ao amin'ny toerana iray tahaka an'izany. Tsy haiko akory aza hoe ahoana no ampiasana an'ireo antsy sy sotro rovitra izay ananan'izy ireo eo ambonin'ny latabatra. Fa niditra aho.

¹⁴⁶ Ary raha mbola niditra aho, dia nitory teny i Oral Roberts. Ary nitory teo amin'ny habetsahan'ny fiainana izy, ny habetsahana, ary niteny tamin'ny Christian Business Men, hoe, "Nahazo trondro Jesosy, nametraka azy ireo tao anatin'ny harato, ary nanana betsaka noho izay azon'izy ireo—azon'izy ireo nampiasaina." Ary mpikabary matanjaka iray Rahalahy Roberts, araka ny fantatrareo. Dia hoy izy hoe, "Misy betsaka ho an'ny olona rehetra eo." Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, izaho dia eo am-panorenana te—tempoly iray eto, izay mitentina an-tapitrisany dolara angamba." Hoy izy, "Izany dia voarina amin'ny marbra fotsy." Ary hoy izy hoe, "Eo amin'ny antsasany eo no vitako, dia tsy manam-bola aho." Dia hoy izy, "Noho izany dia nandeha niampita ny làlambe aho indray andro, mba hijery azy, ka hoy ny devoly hoe, 'Mba fantatrao moa? Handalo ny olona ka hanao hoe, "Io no nataon'i Oral Roberts.'""

¹⁴⁷ Hoy izy hoe, "Noho izany dia hoy aho tamin'ny devoly hoe, 'Fa tsy maintsy hilaza izy ireo hoe, "Niezaka i Oral Roberts.'"" Tsara izany. Dia hoy izy hoe, "Noho izany dia nipetraka teo amin'ny fon'ny mpiasan'ny banky iray izany, ato amin'ity tanàna ity, izay nampindrana ahy mihoatra, saiky, roa tapitrisa dolara avy amin'ny banky iray, mba hahavitana an'ilay tranobe." Tsy manao an'izany ireo banky. Fantatrareo izany.

¹⁴⁸ Dia hoy izy hoe, "Io mpandraharaha anankiray io, mpiasan'ny banky, dia mipetraka manatrika ankehitriny." Hoy izy hoe, "Tsy te-hiantso ny anarany aho, satria tsy mikambana marina tokoa amin'ny olon'ny Filazantsara feno izy. Saingy," hoy izy, "eto izy." Dia hoy izy, "Izaho—tsy mihevitra aho fa milaza ho Kristiana iray akory aza izy. Saingy," hoy izy, "nisy zavatra iray nanetsika ny fony, ary namela ahy hahazo an'ilay vola izy." Hoy izy, "Raha te-hitsangana izy," hoy izy, "dia afaka izy, saingy tsy hanasaikatra an'ilay lehilahy aho."

¹⁴⁹ Nitsangana ilay lehilahy, nanao hoe, "Tsy saikatra aho, Atoa. Roberts," dia nipetraka.

¹⁵⁰ Tamin'izay fotoana izay aho no niditra, ary nipetraka. Avy eo Rahalahy Roberts, vantany vao nahavita izy, dia tonga ka nandray tàmàna ahy, ary nisintona ahy nankeo amin'ny sandriny. Ary minitra vitsy fotsiny, avy eo, mazava ho azy, dia olona maro no nanatona, fantatrarao, niresaka raha mbola nihinana izahay, ary nangataka fivoriana sy ny sisa, ary ireo mpitoriteny.

¹⁵¹ Ary avy eo dia nitsangana i Demos Shakarian. Izy no filohan'ny fivorian'ny Full Gospel's Business Men. Dia nitsangana izy ka hoy izy hoe, "Fantatrarao, mahatsapa ho voatarika fotsiny aho hoe Rahalahy Branham no tokony hitory teny ho antsika, izao hariva izao, ilay hafatra famaranana."

¹⁵² Eny, tsy fantatro izay ho lazaina. Dia nanomboka niteny mikasika an'ireo lehilahy nipetraka tao ireo izy avy eo, nanao hoe, "Ity no *Ranona-sy-ranona*. Nihaona tamin'ny androany." Niteny tamiko izy ireo fa izy ireo no tompon'io andian-trano feno telo na efatra ao an-tanànan'i Miracle Mile io. Mpanapitrisa sy mpiompy, sy ny sisa, ka inona no azoko lazaina ao amin'ny fivoriana iray tahaka an'izany?

¹⁵³ Fa, fantatrarao, ny tsara indrindra isan'andro dia ny mankatò. Noho izany dia nitsangana aho ary niresaka tamin'ny tsara indrindra izay vitako. Ary tamin'ny fiafaran'ny fotoana. . . Tsy mety ny manao antso eny amin'ny alitara ao amin'ny toerana iray tahaka an'izany. Saingy, fantatrarao, efa nanao antso teny amin'ny alitara aho tamin'ireo fotoam-pandevenana. Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Izao no anjara tsara iray." Ary izaho—nanao antso iray teny amin'ny alitara aho. Ary nanatona ny Tompo Jesosy ireo lehilahy sy vehivavy manan-karena rehetra ireo, ka nanome ny fony ho an'ny Tompo.

¹⁵⁴ Gaga aho tamin'ny mpanapitrisa iray, vadin'ny mpanapitrisa niaraka tamin'ny satroka kely iray, niaraka tamin'ny volom-borona marevaka iray teo amin'ny ilany, angamba zato dolara no nividianany azy. Ary niraraka teo amin'ny takolany ireo ranomaso. Noraisiny tamin'ny tàmàna aho, hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, voakasika ny foko." Hoy izy hoe, "Nihevitra aho fa Kristiana iray, hatramin'izao." Hoy izy hoe, "Te-hanompo ny Tompo aho."

Dia hoy aho hoe, "Misaotra anao."

¹⁵⁵ Ary avy eo tao anatin'ny minitra vitsy, dia nisy Zavatra nilaza tamiko hoe, "Mivavaha ho an'ny marary ankehitriny."

¹⁵⁶ Nieritreritra aho hoe, "Oh, tsia. Tsy afaka hanao an'izany aho. Izaho efa nampiato an'ilay. . . ity efitrano filalaovana goavana ity. Noho izany raha mivavaka ho an'ny marary aho, dia hihevitra izy ireo fa fanatika iray marina tokoa aho." Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Azo antoka fa tsy ny Tompo no hiteny amiko an'izany. Angamba taitaitra tanteraka fotsiny aho noho ireo fiovam-po ireo, noho izany dia hitsoriaka aho dia hipetraka."

¹⁵⁷ Dia nidina nanaraka ny latabatry ny mpiresaka aho, nanohy hatrany amin'ny farany mihitsy, ary nipetraka niaraka tamin-dRahalaha Jack Moore, nipetraka teo, niresaka. Dia naveriko tany amin'ilay filoha ny fotoana, Atoa. Shakarian.

¹⁵⁸ Avy eo rehefa izy—nitsangana izy, dia hoy izy hoe, “Mba fantatrareo moa?” Oh, tsy maintsy nikasika azy teo amin'ny soroka Andriamanitra. Hoy izy hoe, “Mahatsapa ho voatarika aho hanao an-dRahalaha Branham hiverina ka hivavaka ho an'ny marary.”

Nieritreritra aho hoe, “Oh, tena marina tokoa.”

¹⁵⁹ Dia nitsangana aho ka niteny tamin'izy ireo. Ary hoy aho hoe, “Nahatsapa an'izany aho. Ary mivavaka aho mba hamelan'Andriamanitra ahy. Fa tsaratsara kokoa rehefa misy olona iray voakasika, ihany koa, fantatrareo, mampahafantatra antsika tanteraka fa izany no asan'ny Fanahy.”

¹⁶⁰ Noho izany dia hoy aho hoe, “Ankehitriny, ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra dia tsy fikasihana andrin-tsampy iray. Tsy zavatra izay saintsainina fotsiny izany. Izany dia ilay Andriamanitra iray ihany izay namonjy an'ireo olona rehetra eto ireo vao teo. Izy no ilay Andriamanitra iray ihany izay manasitrana ny olona rehetra izay eto, amin'ny alàlan'ny finoana tsotra mino Azy fotsiny.” Hoy aho hoe, “Mino an'izany ve ianareo?”

¹⁶¹ Ary ankehitriny ho tsiambaratelo, ho an'ny fiangonako. Araka ny fantatrareo, dia miova ny asam-panompoako, ary, oh, fiovana iray be voninahitra toy ny inona! Oh! Ianareo rehetra dia mahatsiaro an'ireo Teny efa naneno. Ary isaky ny mitranga izany, dia misy zavatra mitranga, rehefa miditra aho ka miresaka mikasika an'izany, tonga—tonga amiko hoe, “Mitenena amin'io tendrombohitra io.” Nahoana no efa izany ilay izy? Ny finoana izany. Ny zavatra rehetra dia amin'ny finoana. Ny finoana dia tsy zavatra izay amboamboarinareo. Ny finoana dia zavatra izay anananareo.

¹⁶² Dia nieritreritra aho hoe, “Raha . . . Efa menatra ny amin'ny finoako foana aho, tamin'ny olona, tsara tahaka ny Tompo mihitsy.”

¹⁶³ Naneho zavatra Izy, niteny fahitana. Ny zavatra rehetra dia tanteraka. Fantatrareo olona izany. Tsy isam-batan'olona iray izany. Tsy lehilahy iray izany. Andriamanitra no manao an'izany.

Ary io sary *eto* io, ahoana fa nandeha nankany amin'izao tontolo izao izany!

Ireo tany Alemaina!

¹⁶⁴ Ary teto herinandro vitsy lasa izay, angamba tsy mbola nahita azy mihitsy ireo vahiny eto, nahazo anankiray hafa izy ireo. Manana azy aho any an-trano. Izany ilay mombamomba

ny Tompo Jesosy nitsangana taorian'izay nitsanganako mihitsy. Ary nivoaka ireo Tànany, nanidina avy teo amin'ny Tànany ireo lela Afo, raha mbola niresaka teo amin'ilay lohahevitra aho hoe, "Mitenena amin'io tendrombohitra io hoe, 'Mifindrà,' ka aza misalalasa ao am-ponareo, fa minoa." Ary manana an'izany isika. Izany dia ao amin'ny Techni-. . . loko Kodachrome. Ary manana an'izany izy ireo any an-trano ankehitriny. Ary izy ireo dia manao. . . Efa nodinihan'ny siansa izany ankehitriny, sy ny sisa, ary ireo trano fandinihana. Hivoaka tsy ho ela mihitsy izany, anankiray hafa, izay manao eo amin'ny enina amin'izy ireo ankehitriny tany amin'ny toerana samihafa, izay nalaina.

¹⁶⁵ Io no miavaka indrindra amin'izy rehetra, tsy mbola hita mihitsy. Io Ny—Ny volombavany, ny Tarehiny, ny mombamomba Azy, ireo Sandriny mitsotra. Ary nitsangana tao mihitsy aho tahaka an'izao, ary eo amin'izay Ametrahanany ny Sandriny, tsy afaka mahita ny toerako akory aza ianareo, tahaka an'izao; ny lohako, avy eo ny tongotro teo amin'ny gorodona, loha sy tongotra fotsiny, izay ihany no tavela teo. Hitanareo? Ary Izy—ary nitsangana niaraka tamin'ny Sandriny Izy nitsotra tahaka an'izao. Ary natsotrako tahaka an'izao ny tânako, nitry teny, nanao hoe, "Mitenena amin'io tendrombohitra io." Ary saiky tamin'io fotoana io, dia nisy zavatra niseho. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Ary namoaka ny sarin'Izany tahaka an'izao izy ireo. Ary teo Izany, ao ambadika, miloko ny rehetra. Ary goavana iray, ka araka ny andaminan'Andriamanitra, harona goavana iray an'ireo lisy calla no mipetraka eo akaiky.

¹⁶⁶ Izy no Lisin'ny Lohasaha. Ary aiza no ahazoanareo ôpiôma? Avy amin'ireo lisy. Marina izany. Inona ilay Ôpiôma ananan'Andriamanitra? Fiadanana. Ny ôpiôma dia manao anareo hanadino fotsiny mikasika ny olanareo rehetra. Mpifoka ôpiôma, tahaka an'izany no amonoan'izy ireo ny tenany amin'io ôpiôma io. Manana Ôpiôma iray Andriamanitra. Amena. Mampitony ny fanaintainana rehetra Izy, manasitrana ny aretina rehetra, manaisotra ny ahiahy rehetra. Raha mbola mifoka rivotra ao anatin'Ny Ôpiômany foana isika, dia miadana isika.

¹⁶⁷ Ary ilay harona goavana an'ireo lisy dia nipetraka teo aloha mihitsy, teo amin'izay niresahako, teo amin'ny lampihazo.

¹⁶⁸ Ary nivavaka ho an'ny marary aho, tany Tulsa, ary nidina fotsiny aho ka nandeha nivoaka. Ary teo amin'ny folo minitra taty aoriana. . .

¹⁶⁹ Tsy tiako ny hiantso ny anaran'ilay evanjelista. Fa vehivavy iray izay tratry ny aretin-kozatra an'ny taolan-damosina, izay niasa ho an'io evanjelista io, stenografy iray izy. Ary tsy maintsy nitendry tahaka an'izao, satria nihenjana ny sandriny sy ny sorony. Nitendry tahaka an'izao izy. Ary io—io evanjelista lehibe

sy malaza tany Tulsa io, dia nampiasa azy tao amin'ny asany, mba hanome asa azy.

¹⁷⁰ Ary nanomboka nandeha teo amin'ny efitrano izy. Ary tampoka teo dia lasa nalefaka ny sandriny, ka nanomboka nitsambikina sy nihiakiaka izy, hany ka nanintona ny fifantohan'ny olona rehetra teo izy. Ary lavo tamin'ny lohaliny io vehivavy malala io, ary nanangana ny tany ka nitehaka azy ireo tahaka an'izao. [Mitehaka ny tany Rahalahy Branham—Mpand.] Ny voninahitr'Andriamanitra, satria nanafaka azy Andriamanitra, fotoana vitsy taorian'ny vavaka fotsiny.

¹⁷¹ Dia nitsoriaka niditra aho, mba hihaino sy hahita an'izay nolazainy. Hoy izy hoe, “Nandeha teo amin'ny efitrano fotsiny aho.”

Dia hoy aho hoe, “Eny, ho an'Andriamanitra ny saotra.”

¹⁷² Dia nihodina aho, nanomboka nandeha tany amin'ilay lalana hafa. Ary reko, tao ambany tao, nahita ny mpanota rehetra niara-nihazakazaka aho, mba hijery hoe inona ilay olana. Ary indro nisy lehilahy iray nandray ny fitenenana, Rahalahy Gardner, ilay lehilahy izay nanome ahy an'ity palitao sy pataloha ity mihitsy.

¹⁷³ Maro aminareo no mahafantatra an-dRahalahy Gardner. Rahalahy Gardner, any Binghamton, New York, ilay mpivarotra malaza ny Oldsmobile an'ireo telo taona farany, nivarotra fiara Oldsmobile betsaka noho ny lehilahy hafa teto Etazonia. Ary nisidina tao anatin'ny fiaramanidina manokana iray izy. Ary taona iray mahery lasa izay . . . Ny anarany dia George Gardner. Ary izy . . .

¹⁷⁴ Ny mpanamoriny, ny tenany, dia nandeha irery, ka nianjera, sy ilay fiaramanidina. Ary tapaka ny lohaliny, ireo kitrokely. Ary ny ranjony sy ny tongony dia nihenjana, ary nandeha tahaka an'izao izy, ny mpanamoriny.

¹⁷⁵ Ary nanatrika izy rehefa natao ny vavaka, ary namoaka ny tenany tao amin'ny efitrano izay nisy an'ilay fanasana izy. Ary izy dia naka efitra iray akaiky, ihany koa, mba tsy hananany olana mandeha mandroso sy miverina. Ary ity ny fijoroany vavolombelona. Nandeha nankao amin'ny efitranony izy ary nipetraka; tsy Kristiana iray akory aza. Dia hoy izy hoe, “Na manao ahoana na manao ahoana na hafa, dia mino an'io zalahy sola loha io aho izay nitory teo izao hariva izao.” Ary nilaza fa nanomboka nahamarika izy fa nanomboka nihetsika ny rantsan-tongony. Ary nitsambikina tamin'ny tongony izy, ny fahendrena rehetra manontolo.

¹⁷⁶ Nitsangana teo, nanome voninahitra an'Andriamanitra, nitsangana, nanainga ny ranjony ambony-sy-ambany tahaka an'izao, ary ireo ilan'ny tongony sy ny sisa, nanambara fotsiny ny voninahitr'Andriamanitra.

¹⁷⁷ Indray mandeha indray, alohan'ny ivavahantsika ho an'ny marary. Nijanona niaraka tamin-dRahalahy Arganbright aho. Ary ny sakaizako tsara, Leo sy Gene, dia mahafantatra hoe inona ireo antso an-telefona. Rehefa maneno ny telefona, dia Rahalahy Arganbright no namaly. Ary, fantatrarao, tsy afaka ny ho hatraiza hatraiza ianareo. Fa, sendra nisy, hoe izaho no nandray ny telefona.

¹⁷⁸ Mino aho fa ny zavatra rehetra dia miasa araka ny fomban'Andriamanitra. Tsy mino ve ianareo? Mino aho fa izany no maha-eto an'ilay ramatoa tanora. Mino aho fa izany no maha-eto anareo rehetra. Mino aho fa izany no maha-eto ahy, hoe miara-mihaona isika ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, ho an'ny antony iray. Nahoana isika no nandeha teo amin'ireo tany misy ranomandry, mba ho eto izao maraina izao?

¹⁷⁹ Noho izany dia noraisiko ny telefona, satria tsy tao amin'ny efitra Rahalahy Arganbright. Dia izao no voalaza hoe, "Tehiresaka amin-dRahalahy Branham aho."

Hoy aho hoe, "Izaho no Rahalahy Branham."

¹⁸⁰ Lehilahy Espanöla iray izy. Hoy izy hoe, "Tompoko, fantatro fa tsy mety, saiky, ny ametrahako an'ilay fanontaniana izay hapetrako." Hoy izy hoe, "Azoko eritreretina hoe ahoana no isintonan'ny olona, sy ny sisa. Saingy," hoy izy, "misionera iray any Mexico aho." Dia hoy izy, "Miverina eto, dia mipetraka eto aho any La Crescenta. Ary vao avy nahafantatra aho, ora vitsy lasa izay, fa eto amin'ny tanàna ianao." Dia hoy izy, "Nitondra ny zazakeliko niverina aho, mba hiezaka hitondra azy eo aminao na Rahalahy Roberts, na ny sasany amin'ireo rahalahy izay mivavaka ho an'ny marary." Dia hoy izy hoe, "Satria zazakeliko ilay izy, ny finoako, heveriko, dia efa nalemy kely fotsiny." Hoy izy hoe, "Ny zazakeliko dia tsy mbola efa-bolana akory nefa dia eo am-pahafatesana amin'ny homamiadana."

Dia nisy Zavatra nanao tamiko hoe, "Mandehana mankany amin'io zazakely io."

¹⁸¹ "Eny," hoy aho, "tompoko, haka an-dRahalahy Arganbright aho, dia teneno aminy izay misy an'ilay zazakely, hihaona aminao aho." Noho izany izy dia maka... Naka an-dRahalahy Arganbright aho, dia niteny taminy izy.

¹⁸² Noho izany dia niditra tao anaty fiara izahay ary nandeha. Dia nihaona tamin'ny vadiny kely aho. Ary satria Meksikana izy, na dia toa tsy tahaka an'izany aza izy. Fotsy hoditra izy, tsara, fa Meksikana iray izy. Fa, ireo Meksikana, matetika, dia mavo mena, satria izy ireo dia tonga eo anelanelan'ny Espanöla sy Indiana. Ary misy ny sasany amin'ireo Indiana ireo miaraka amin'ny fotsy, fotsy toy ny oram-panala. Ary noho izany dia Finlandaise ny vadiny, mavo mena tanteraka, vehivavy kely tena malemy fanahy.

183 Dia nandeha nankany amin'ny hopitaly niaraka taminy aho, mba hijery an'ilay zazakely. Rehefa niditra tao amin'ilay efitra aho, dia napetrak'izy ireo teo akaikin'ny biraon'ireo mpampivelona mihitsy izy. Satria, ilay zaza kely, vao efa-bolana fotsiny, ary teraka niaraka tamin'ny fivontosana fetsy tao amin'ny valanorany izy, izay nivonto nivoaka mitovitovy amin'izao miala avy eo amin'ny tarehiny, tahaka an'izao, nivoaka tahaka an'izao fotsiny. Ary nanandrana nandidy azy ireo dokotera. Ary nisy holatra goavana be lalina nanodidina ny tenda keliny, nanodidina rehetra. Tsy nampijanona azy izany; nampiakatra an'ilay izy hatrany amin'ny lelany fotsiny izany. Ary ireo valanorano kely dia nihantona tahaka an'izao, ary ireo holatra goavana lalina. Ary ny lela keliny. . . Vava keliny dia tsy mihoatra an'izao ny halehibeny. Ary ny lelany, angamba dia izao ny halehibeny, nivonto, nivoaka saiky tahaka an'izao ny halavany, ary nivadika mainty. Ary nanakatona ny fifohan-drivotra izany nanomboka teo amin'ireo lavak'orona no midina, rehefa nivonto hatrany amin'ny lanilaniny izany. Ary mazava ho azy, nanakatona ny fifohan-drivony izany, avy *eto*. Tsy maintsy nanisy lavaka iray tao amin'ny tendany izy ireo. Ary nanana kiririoka kely an'ny kely iray. . . tahaka ny boaty boribory kely iray tao anatin'ny tendany. Ary tao anatin'ny fihazonana ireo sandry keliny, tahaka an'izao, mba tsy ahafahany manakatra ka hisintona an'io kiririoka io hiala; hanempotra azy izany. Ary ilay homamiadana, nitsonika, ka tsy maintsy nitsangana teo ilay mpampivelona niaraka tamin'ny zavatra iray hisintona an'ilay fitsonehan'ny homamiadana hivoaka avy ao amin'ilay kiririoka, raha tsy izany dia hanempotra azy ho faty izany.

184 Ary nandeha nanodidina ny tongom-pandriana ilay ray, ka hoy izy hoe, "Ricky, zanakalahy kelin'i dada!" Hoy izy hoe, "Nitondra an-dRahalalahy Branham hivavaka ho anao i dada, Ricky."

185 Rehefa nilaza izy hoe, "Zanakalahy kelin'i dada," dia niala tamiko ny fanahiko. Tsy afaka nahatanty an'izany ela fotsiny aho. Tsy maintsy nihazona an'ilay sisim-pandriana fotsiny aho. "Zanakalahy kelin'i dada." Ary ilay zaza kely, na dia tanora aza izy, dia nahafantatra fa ny dadany izany. Dia nanomboka nisefosefo tahaka an'izao izy, ary ireo sandry keliny tahaka an'izao. Ary niezaka nikapokapoka an'ilay zaza kely teo amin'ny loha izy. Zaza kely iray mampalahelo, teraka tao amin'izany toerana izany. Tsy afaka niteny fotsiny aho. Izaho fotsiny. . . Fantatrareo, tena feno fotsiny ianareo, tsy afaka milaza na inona na inona fotsiny ianareo.

186 Nijery nidina aho, nahita an'ireo tãnana kely bitika avy tao ambanin'ireo fihazonana goavana ireo. [Manao feon'ny fisefosefoana iray Rahalahy Branham—Mpand.] Ary manao feon'ny fisefosefoana iray. Dia nieritreritra aho hoe, "Tsy mahonena ve izao!"

¹⁸⁷ Ary rehefa somary niverina tamin'ny tenako aho, ampy mba hieritreretana zavatra, dia nieritreritra aho hoe, “Jesosy, tehilaza ve Ianao fa mahazo hafaliana Ianao amin'ny fahitana an'izao? Tsy afaka hino an'izany aho. Tsy afaka mino fotsiny aho hoe mahazo voninahitra Ianao avy amin'io zaza kely mijaly tahaka an'izao io. Tsy mety fotsiny izany. Raha izany no manao ahy, mpanota iray, hahatsapa tahaka an'izay tsapako amin'io zazakely io, dia inona no hataon'izany Aminao, ilay loharanon'ny famindrampo rehetra? Inona no tsy maintsy ataon'izany Aminao?” Ary tsy mbola nilaza teny aho.

¹⁸⁸ Niezaka nilalao niaraka tamin'ny nanao azy hitony. Ary ny vatany kely niaraka tamin'ny lamban-jaza kely iray, saiky fotsiny. . . Ilay vatana kely, ary ny rehetra, tsy mihoatra an'izao ny halehibeny. Ary ny lohany no ampahany goavana indrindra, ny valanorany nivonto tena goavana. Ary nasian'izy ireo zavatra nanodidina ny lohany, mba hanakana ny lohany tsy hipoaka. Fantatrareo, vorodamba iray; nivonto tena goavana ireo valanorany, nivoaka tahaka an'izao, hisakana azy tsy hipoaka. Ary nitsangana teo ilay mpampivelona.

¹⁸⁹ Ary nijery nankany amin'ilay zaza kely aho, dia nieritreritra aho hoe, “Tompo, inona no ho Nataonao raha Ianao no nitsangana teto?”

¹⁹⁰ Ankehitriny, fantatro fa eto amin'ny polipitra aho. Ary fantatro fa manatrika Andriamanitra. Saingy ilay izy dia toy ny hoe nisy Zavatra niresaka tao amin'ny fanahiko ambany tao, ary nanao hoe, “Miandry Aho mba hahita izay hataonao mikasika an'ilay izy. Efa Nomeko ho an'ilay Fiangonana ny Fahefako.” Eo no iverenanareo indray amin'ny hoe, “Mitenena amin'io tendrombohitra io.” “Efa Nomeko ho an'ilay Fiangonana ny Fahefako, ary miandry Aho mba hahita an'izay hataonao.”

¹⁹¹ Manontany aho raha izay no Toetrany amintsika isan'andro, hoe miandry Izy mba hahita an'izay hataontsika. Ahoana ny amin'ireo famantaran'ny fotoana izay vao avy notoriantsika? Inona no Hataony? Miandry Izy mba hahita izay hataontsika.

¹⁹² Eny, nataoko tao amin'ny ahy ny tanaan-jazakeliny, tamin'ny rantsan-tànao fotsiny, tahaka an'izao. Tena kely ilay izy. Dia hoy aho hoe, “Tompo, henoy ny vavaky ny Mpanomponao. Ary amin'ny finoana, izay inoako fa misy Ianao, no ametrahako eo anelanelan'io demonin'ny homamiadana io sy ny ain'ilay zazakely, ny Ràn'i Jesosy Kristy. Eo anelanelan'ilay mpamono sy ilay zazakely, ny Rà, amin'ny finoana no ametrahako an'izany.” Ary tsy afaka nilaza na inona na inona hafa aho.

¹⁹³ Nitodika fotsiny aho dia nanomboka nandeha nivoaka. Nanaraka ahy ilay ray. Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, ny Tompo dia mametraka eo amin'ny foko mba hanome anao ampahafolony vitsivitsy.”

194 “Oh,” hoy aho, “rahalahy, aza mieritreritra an’izany. Tsia.” Hoy aho hoe, “Tsy mila vola aho, rahalahy.”

195 Hoy izy hoe, “Fa nitahiry ampahafolony vitsivitsy aho.” Oh, vola kely, adinoko marina tokoa ankehitriny, mino aho fa teo amin’ny dimampolo dolara. Hoy izy hoe, “Ny Tompo no nametraka an’izany teo amin’ny foko mba hanome an’izany ho anao.”

196 Hoy aho hoe, “Ho teneniko aminao hoe inona. Horaisiko izany, ary avy eo dia avereno ka omeo an’i Ricky kely eo izany, eo amin’ny—eo amin’ny faktioran’ny hopitaliny. Satria, mpitory teny iray ianao. Fantatro hoe inona izany, inona no dikan’ny vola. Ary ianao, misionera iray, ary fantatro fa mila vola izany. Ary manana fianakaviana iray ianao, ary ireo faktioran’ny dokotera rehetra ireo. Apetraho eo amin’ny faktioran’i Ricky kely avy hatrany ilay izy.”

197 Hoy izy hoe, “Tsy te-hanao an’izany aho, Rahalahy Branham. Tsy natao handoavana dokotera izany. Handoavana an’ireo mpitoriteny izany.”

198 Dia hoy aho hoe, “Eny, saingy averiko aminao ilay izy.” Dia nolaviko izany.

199 Dia nanohy niakatra hatrany an-trano aho, ary tao anatin’ny ora vitsy, dia nihena ireo valanorano, ary niverina tamin’ny toerany ara-dalàna ny lelany. Nanasitrana an’ily zaza kely Andriamanitra. Nesorin’izy ireo ilay kiririoka ny maraina izay nialako, avy tao amin’ny tendany.

200 Nanaitra ny Morontsiraka Andrefana manontolo izao. Naniraka ny zananilahy ny dokotera malaza, niaraka tamin’ny zafikeliny. Ary nanao hitsin-dàlana izy ireo, lavitra, efapolo na dimampolo maily mihoatra, tany Pasadena, ary nanao hitsin-dàlana teo amin’izay tsy maintsy nandalovako, mba hivavahana ho an’io zazakely izay tratry ny fanintona eo amin’ny ati-doha io. Nomen’izy ireo tsindrona penicilline izy, ka nanao homamiadana iray ho tonga nohon’ny fiantraikan’ily tsindrona penicilline tao amin’ny valahany. Ary azoko antoka fa nanasitrana azy ny Tompo.

201 Talohan’ny nandaozana ny trano mihitsy, dia naneno ny telefona, nitohy naneno. Rahalahy Arganbright, nandre azy nifamaly tamin’ny olona iray aho, nanao hoe, “Tsia, tsy te-hanao an’izany aho.”

202 Vao niditra tao anatin’ny fiara mihitsy aho, dia nisy fi—fiara tarihina kely iray nandeha niakatra. Iza ilay izy afa-tsy ny rahalahy keliko Meksikana sy ny vadiny! Niantsoantso sy nidera an’Andriamanitra fotsiny izy roa ireo. Hoy izy, “Rahalahy Branham, nitondra an’ireto ampahafolony ireto ho anao aho.”

203 “Oh,” hoy aho, “rahalahy, tsy afaka handray an’izany aho.” Hoy aho hoe, “Tsy afaka hanao an’izany fotsiny aho.”

Hoy izy hoe, “Fa nentiko ho anao izy ireo.”

Hoy aho, hoy aho hoe, “Efa niteny taminao aho mba hametraka azy ireo eo amin’ny faktioran’i Ricky.”

²⁰⁴ Hoy izy hoe, “Aninkeo maraina, rehefa nandeha hanome an’ireto ampahafolony ireto ho an’ily dokotera aho, mba handeha eo amin’ny faktioran’i Ricky, dia hoy ilay dokotera hoe, ‘Tsy ananako na inona na inona ianao.’ Hoy izy hoe, ‘Tsy nisy nidirako tamin’iny.’ Hoy izy hoe, ‘Trangan-javatra lehibe iray izany.’ Hoy izy hoe, ‘Izaho . . . Tsy ananako iraimbilanja ianao.’” Noho izany dia hoy izy hoe, “Raiso ity, Rahalahy Branham. Ny Tompo no niteny tamiko fa ianao no tsy maintsy mandray azy.”

²⁰⁵ Nieritreritra aho hoe, “Oh, tsy afaka aho.” Hoy aho hoe, “Tompo, tsy mahatsapa hanao an’izany aho.”

²⁰⁶ Tamin’izay fotoana izay dia nisy zavatra tonga tamiko. Nitsangana Jesosy indray andro, nandinika an’ireo lehilahy manan-karena nandatsaka araka ny habetsahan’ny volany. Oh, nanana betsaka izy ireo, noho izany dia nanome betsaka izy ireo. Ary nandalo ny mpitondratena kely iray niaraka tamin’ny iraimbilanja telo, ary izay ihany no nananany. Izay ihany no fivelomana nananany, ary natsipiny tao izany. Ankehitriny inona no ho nataontsika? “Oh, ranabavy, aza manao an’izany. Hah-ah. Fantatrao, tsy mila an’izany izahay. Aza atsipy ao io. Ny fivelomanao rehetra io.” Fa navelan’i Jesosy handroso fotsiny izy ka nanao an’izany, satria, “Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray.”

²⁰⁷ Nalaiko ireo ampahafolony kely. Tsy fantatro izay hanaovana azy ireo. Hapetrako any ho any izy ireo, ao amin’ny asa iray ho an’ny voninahitr’Andriamanitra, any ho any amin’ny tsara indrindra izay vitako.

²⁰⁸ Inona izany? Izany no Voninahitr’Andriamanitra. Izany no Herin’Andriamanitra. Misava ireo aloka; miseho Kristy, izany no antony isehoan’ireo famantarana sy fahagagana. Izany dia io Hazavan’ny Zanaka lehibe io izay mampitaratra avy amin’ireo kintan’ny maraina, miaraka amin’ny fanasitranana ao amin’ny Elany. Ary raha hitondra fanasitranana avy amin’ny taratry Ny Fanatrehany Izy, dia inona no Hataony rehefa Izy Olona mihitsy no tonga? Ireto vatantsika mety lò ireto dia hovaina ary hatao mitovy amin’Ny Vatany Manokana be voninahitra. Ho inona izany rehefa tonga Izy? Mandra-Pihaviny, dia mankasitraka isika nohon’ny Hazavan’ny Zanaka an’Ny Fanatrehany, raha mihanika an’ireo mandan’ny Voninahitra ireo kintan’ny maraina, ary mipetraka eo mba hiarahaba Ny Fihaviany ao anatin’ity ora maizina ity.

Ndao isika hivavaka.

²⁰⁹ O Tompo, tianay betsaka mihitsy Ianao hany ka, Tompo, tsy misy hitenenana hoe mandra-pahoviana . . . Tsy reraka mihitsy izahay hijoro vavolombelona an’ny fiderana Anao. Fa eto

ilay ora ankehitriny, misy olona marary miandry. Ianao no mahafantatra an'ireo fijoroana vavolombelona ireo. Izy ireo dia, araka ny fantatro, Tompo, ny fahamarinana marina. An'ilay mpanamory nitsangana tany, naneho hoe ahoana fa afaka nitsangana tamin'ny tongony izy, ary ireo toerana rehetra izay nisy ny vatany; ary nampakatra ny tongotry ny patalohany ka nampiseho an'ireo lohaliny sy ny ranjony nipoaka tanteraka ary nisy holatra, teo amin'izay nanandraman'ireo dokotera hamerina an'ireo taolana hiaraka. Ianao no nahita an'ilay vehivavy nitsangana tany niaraka tamin'ny loko teo amin'ny tarehiny, ka ireo ranomasom-pifaliana no namafa an'izany, raha niteny ny amin'ny aretin-kozany izay efa sitrana nohon'Ny Herinao izy. Ary ny amin'ilay zaza kely malala, sy ny fijoroana vavolombelon'ilay ray sy ireo izay nanatrika.

²¹⁰ Ankehitriny, Tompo, lehibe mihitsy Ianao eto izao maraina izao, ato amin'ny tabernakla, tahaka Anao na aiza na aiza ato any amin'izao tontolo izao. Ary Ianao no nampanantena fa eo amin'izay ihaonanay miaraka, dia ho eo afovoanay Ianao. Ankehitriny dia hiantso ny marary izay Nirahinao hankaty aminay izahay izao maraina izao. Ary hivavaka ho azy ireo izahay, ary hivavaka amin'ny fonay rehetra, ilay vavaky ny finoana. Ary enga anie Ianao hamonjy ny marary ka hanangana azy ireo. Ary raha nanao fahotana izy ireo, dia mamelà azy ireo, Ray, raha mifampiaiky ny fahadisoanay izahay, ary mifampivavaka. Ary Ianao no efa nilaza hoe, “Ny vavaka mandaitra, mahery an'ny olo-marina no mahery indrindra.”

²¹¹ Mahafantatra anankiray izahay mandry eto miaraka aminay izao maraina izao, reny tanora iray fotsiny miaraka amin'ireto ankizy kely ireto. Tompo, arak'ireo dokotera, dia eo akaikin'ny fiafaran'ny diany izy. Fa mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hitsangananao eo anelanelany sy io fahavalo io. Ka rehefa manosotra azy sy mivavaka ho azy izahay, dia enga anie Ny Herinao hikasika an'io fanahiny io. Izany no hitondra finoana sy fanafahana. Ary enga anie izy handeha hody sy ho salama, ka hanome dera, ary ho—ho taratra iray an'ilay Kintan'ny Maraina, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Amena.

²¹² Rahalahy Mercier, ankehitriny, raha mandray an'ireo olona araka ny fifamotoana ireto izahay, ireo olona izay tonga. Hiantso an'ity nomerao ity fotsiny izahay. Ary voapetraka eo amin'ny lisitr'ireo izay hivavahana izy ireo.



Ry MPIAMBINA, TOY INONA ALINA MOA IZAO? MAG58-1130
(Watchman, What Of The Night?)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 30 Novambra, 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2022 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org